REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

## REPOBLIKA FAHAEFATRA
## FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

## FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
## TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-65

**TATITRA MOMBA NY FANDAHARAN'ASAN'NY MPIKAMBANA AO AMIN'NY GOVERNEMANTA NATAON'NY:**
- **MINISITRY NY FITATERANA SY NY FIZAHANTANY ARY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO,**
- **MINISITRY NY FANAJARIANA NY TANY SY NY ASA VAVENTY,**
- **MINISITRA LEFITRA MIANDRAIKITRA NY TANÀNA VAOVAO SY TOERAM-PONENANA.**

Fivoriana faha-11
Natao ny
Alarobia 3 Jona 2020
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA**: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA**: Andriamatoa isany: - RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
- RASOLONJATOVO Honoré

**FOTOANA:** Alarobia 3 Jona 2020, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA**: Tatitra momba ny fandaharan'asan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta nataon'ny:

- Minisitry ny Fitaterana sy ny Fizahantany ary ny Famantarana ny Toetr'andro,
- Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy,
- Minisitra Lefitra miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy Toeram-ponenana.

Nitohy ny Alarobia 3 Jona 2020, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Fiarahabana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohany ny fitenenana.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra ny tenany hanao ny fiantsoana anarana ho fanamarinam-pahatongavana. Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré no nanatanteraka izany. Niangavian'Andriamatoa Mpitantsoratra mba samy hanonona ny laharany sy ny anarany ny Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana mba hampalaky izany.

Nisaotra ny Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanatontosana ny fiantsoana anarana nataony, taorian'izay.

Rehefa izany, nilaza ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, izay fivoriambe hanaovan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta tatitra mikasika ny fandaharan'asany sy ny mbola ho tanterahana amin'ity taona ity.

Nomarihany fa fampiharana ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-169, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no antony anaovana izao fivoriana izao.
Ireto avy ireo Minisitera voakasika amin'izany: ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Fizahantany ary ny Famantarana ny Toetr'andro, ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy ary ny Minisitera Lefitra miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana.

Nanambara, Ramatoa Filoha, fa samy omena 15 minitra avy ireo Minisitra hanolorany ny tatitra momba ny fanatanterahany ny fandaharan'asany ary omena 15 minitra indray avy eo hamaliany ny fanontanian'ny Solombavambahoaka sy izay fanontaniana tsy voavaly tamin'ny fihaonana natao ny Talata 26 Mey 2020 lasa teo. Aorian'izay, raha misy fanontaniana hafa avy amin'ny Solombavambahoaka, hisy ny fandaminana hatao mikasika izany.

Toa izao manaraka izao no filahatry ny Minisitra nandray fitenenana araka ny nandaharan-dRamatoa Filoha azy:

- Andriamatoa RANDRIAMANDRANTO Joël, Minisitry ny Fitaterana sy ny Fizahantany ary ny Famantarana ny Toetr'andro;
- Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy;
- Andriamatoa ZASY Angelo, Minisitra Lefitra miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy Toeram-ponenana.

Taorian'ny fanolorana ireo filaharana ireo, avy hatrany dia nomena fitenenana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta hanao ny tatitra momba ny fandaharan'asany.

Fiarahabana ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy ny Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana ary ny teknisiana mpanotrona azy ireo no voalohan-tenin'ireo Minisitra talohan'ny nanaovany tatitra.
Taorian'izay, niroso tamin'ny tatitra avy hatrany ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

**Andriamatoa RANDRIAMANDRANTO Joël, Minisitry ny Fitaterana sy ny Fizahantany ary ny Famantarana ny Toetr'andro**
Voninahitra lehibe ho ahy no anolorako ny tetikasa izay notanterahan'ny Minisitera iadidiako. Nisy vinavinan'asa tamin'ny taona lasa izay efa natomboka ary hotanterahana amin'ity taona ity ihany koa, raha ny fitaterana no resahana.

Misy sehatra maromaro amin'izany, ao ny an-tanety, an-dalamby, ny an-dranomasina, ny an-dranomamy ary ny an'habakabaka.

Ny tanjona hotratrarina amin'izany fitaterana izany dia mba ho "zéro accident" eto Madagasikara. Noho izany, tsy maintsy manana fitaterana azo antoka sy mahomby isika ary hanaja ny tontolo iainana ihany koa.
Raha ny fitaterana an-tanety no resahana, maro ireo tetikasa izay notanterahana, ka ao anatin'izany ny "gare routière" telo natao tamin'ny taona lasa. Efa nisy natomboka tamin'ny taona 2018, toy ny tao Mananjary sy Arivonimamo ary Antsohihy.
Tafiditra amin'izany ny programan'asa "Aire de Sécurité, de Services et de Repos" na ny ASSR napetraka tamin'ny taona lasa. Roa no tanjona notanterahana tamin'io, iray amin'ny RN7, ao Ambalamanakana ary ny faharoa tany amin'ny RN2, any Ranomafana. Efa eo ampamaranana an'ireo tetikasa ireo isika amin'izao fotoana izao. Zavatra tokony efa ho vita tamin'ny voalohan'ny taona teo daholo ireo, fa noho ity valan'aretina "covid-19" ity, sarotra tamin'ny mpiasa ny mivezivezy tany amin'ireo toerana ireo. Araka izany, voatery naato aloha ny asa; na izany aza, tsy maintsy eritreritina ny fotoana ahafahana manohy azy. Efa eo amin'ny 98%-n'ny tetikasa no vita raha ny "Aire de Repos" no resahana.
Fitaterana an-tanety hatrany, ao anatin'ny tetikasa koa ny fametrahana ny "balisage" amin'ny lalana RN4 sy RN2, "138 panneaux" no hapetraka amin'ny RN4 ary "marquage au sol" mahatratra 1 999m$^2$ no hotanterahina. Amin'ny ankapobeny, "pose de grisière" eo amin'ny 66m$^3$ no apetraka, ka amin'izao isika miresaka izao, efa mamaramparana izany ny Minisitera.
Any amin'ny RN2, "410 panneaux" eo no tokony hapetraka ary "1306 balises". Mahatratra 1 403,6m$^2$ kosa ny "marquage au sol". Efa voaray ny hafatra avy amin'izay mety mahatsikaritra

fa misy izany rehetra izany. Amin'ity taona ity no hamaranana ireo asa ireo ary azo lazaina hoe ny 80%-n'izany no efa vita.

Ao anatin'ny fitaterana an-tanety hatrany, natao ny hahatsara azy araka ny tanjona ary tsy maintsy misy fifampiresahana amin'ny "chauffeurs", ny "receveurs" sy ny tompon'ny fiara ary ny "guichet". Izay rehetra miasa ao anatin'io sehatra io na Nasionaly na Rezionaly, na "Suburbaine" dia nomena fiofanana avokoa tamin'ny taona lasa.
Raha ny "chauffeurs" sy ny "receveurs" no resahana, nahatratra an'arivony no nomena traikefa sy "formation de capacité" mba hahafantaran'izy ireo ny zavatra andrasana aminy amin'ny asany ataony; torak'izany koa ireo tompon'ny fiara. Nahatratra 450 ireo "bagagistes" nisitraka izany tamin'ny taona lasa, ka teo amin'ny "gare routière Maki" Antananarivo no nanaovana izany voalohany. Ezahana ny hanaparitahana izany manerana an'i Madagasikara amin'ny fotoana manaraka.
Nahazo fiofanana koa ny "pointeurs" sy ny "cadenceurs" tamin'ny zotra "zone suburbaine"; miisa 75 teo ho eo izy ireo. Anisan'ny fanatsarana ny fitaterana ihany koa ny fametrahana GPS amin'ireo fiara mpitatitra olona. Natomboka tamin'ny faran'ny taona 2019 sy voalohan'ny taona 2020 no nanaovana izany. Nahatratra 132 ny fiara mampiasa io GPS io amin'izao fotoana izao. Tsara homarihana fa nisy fiaraha-miasa tamin'ny CNaPS sy ny mpitatitra, ka maro ny "chauffeurs" sy "receveurs" no voasoratra anarana tao amin'ny CNaPS. Izany hoe, izay mampiasa GPS ihany no voasoratra anarana satria tsy apetraka fotsiny amin'ny fiara izany, fa misy ny "plateforme" mitantana ny fiara ka "en connexion permanente" avokoa ny mpamily rehetra.
Momba ny taratatasy fahazoan-dalana mamily fiarakodia, nisy "examinateurs" miisa 19 nahazo fiofanana tamin'ny taon-dasa.

Momba ny fitaterana an-dalamby; araka ny voalaza dia nanao "acquisition" lohamasinina miisa telo isika ary efa ao Toamasina izy ireo amin'izao fotoana izao. Noho ny fisian'ity valan'aretina "coronavirus" ity sy ny fihibohana dia sarotsarotra ny hitondra azy ireo eto Antananarivo satria ny teknisiana nivarotra tamintsika an'izany no tokony ho avy eto Madagasikara hanampy antsika amin'ny fametrahana azy. Rehefa natao ny fandinihana, ny teknisian'ny FCE no nalefa tany Toamasina ary efa velona tsara ireo lohamasinina ireo saingy miandry fotoana hitondrana azy eto Antananarivo avy eo haterina any Fianarantsoa indray. Hanampiana ny "ligne FCE", Fianarantsoa-Manakara no tanjona ary mety ho ao anatin'ny 1 volana na 2 volana no ho tonga any Fianarantsoa ireo lohamasinina ireo.

Mikasika ny fitaterana an-dranomamy; efa niresaka isika fa hosokafana i Toamasina mankany Mananjary sy Manakara. Mbola ny tapany voalohany no nataontsika izay miala any Toamasina mihazo an'i Mananjary. Natao ny "dragage"-n'i Pangalana satria nisy sakana ny "navigation". Miisa telo ny "zones" miasa any ary 11km no refin'ny efa vita, miala avy ao Masomeloka hatrany Valovotaka. Izany hoe, 75%-n'ny asa no vita amin'izao fotoana izao.
Nahitana "point noir" iray tao amin'ny "niveau Andringitra" izay nanaovana asa tamin'io toerana io, ka 63%-n'izany no tanteraka soa aman-tsara. Torak'izay koa ny "canal"; maromaro izy ireo, ka ny 59%-n'ny asa no vita. Vanim-potoanan'ny orana no nanaovana azy ireo, ka niakatra avo be ny rano. Noho izany, efa natao ny "dragage" fa ny tanjona dia tsy maintsy manana 1,52m eo ho eo isika amin'ny "cure d'eau" atao. Manomboka midina ny rano ary natao "contrôle" fanindroany, ka io izany no hataontsika manaraka.

Mieritreritra ny hametraka “politique publique” momba ny “transport maritime” ny Minisitera satria mbola tsy manana lalàna mazava mifehy an’izany isika amin’izao fotoana izao. Efa natomboka ny asa mikasika ny “politique du transport maritime” mba ahafahana mametraka ny lalàna mifehy ny fitaterana an-dranomasina sy an-dranomamy.

Raha ny resaka fitaterana an’habakabaka kosa, araka ny programan’asa dia nanokatra “ligne” roa vaovao ny Minisitera; miala eto Antananarivo mankany Ambatondrazaka, ao koa ny miainga avy eto Antananarivo mihazo an’i Fianarantsoa mipaka hatrany Mananjary avy eo miverina eto Antananarivo. Fantatra anefa fa mbola mihidy ny “transport aérien”; noho izany, miato kely ireo fitaterana ireo; na izany aza efa “opérationnelle” io tetikasa io. Toa izay koa ny “aéroports secondaires” izay tsy niasa taloha; efa misokatra avokoa izy ireo amin’izao fotoana izao, toy ny any Analalava, Antalaha, Antsirabe, Mananara-Avaratra, Maintirano, Manakara sy Morombe ary Vohémar. Tafiditra ao anatin’ny tanjona tiana hotratrarina ny fanokafana ireo “aéroports” lehibe. Ohatra amin’izany, any Antsiranana, Mahajanga, Toliara sy Taolagnaro ary Toamasina mba hahazoan’ireny “grandes flottes” ireny hisidina hatraty Antananarivo. Natao ihany koa ny fitadiavana “partenaire” hiaraha-miasa mba hanatsarana ny “aéroports” rehetra misy eto amintsika. Mahatratra 9 no isan’ny orinasa azo atao hoe “présélectionnées” hiara-hiasa amin’ny ADEMA hitantana sy hanatsara ireo “aéroports” ireo. Noho ny zava-misy eto amintsika dia haverina ny fanamafisana izay fisafidiana orinasa hiaraka amin’ny ADEMA izay.

Mikasika ny famantarana ny toetr’andro; fantatsika fa ilain’ny orinasa maromaro ny famehezana azy io, raha tsy hiteny afa-tsy ny fambolena sy ny fahasalamana isika satria ny olona tsirairay te-hahafantatra sy mila izany. Mila ireny “stations” ireny isika mba ahazoana maka ny fanomezana alalana amin’ireo mpikirakira ny “météo” mba hiparitahan’ny vaovao manerana an’i Madagasikara. Hanamboatra fotodrafitrasa ihany koa isika, toy ny trano hiasan’ireo mpiasa amin’ity resaka toetr’andro ity.

Momba ny resaka fizahantany; misy ny tanjona tian-kotratrarina mba ahazoana mpizahatany miisa 500 000 amin’ny taona 2023. Efa nisy tetikady maro napetraka tany amboalohany. Izany hoe, “diversifier”-na ny “offre touristique” eto Madagasikara satria tsy resaka natiora ihany no ahatongavan’ny olona eto amintsika. Noho izany, tsy maintsy manatsara fotodrafitrasa isika handraisana ny vahiny. Nisy “évènement” nokarakaraina ka nahitana “investisseurs” maromaro ary mbola notohizana ny “organisation” momba ny fizahantany izay nandraisantsika mpandraharaha miisa 50 avy tany ivelany. Tamin’ny taona lasa, no natao ny “organisation”-n’ny “Championnat International de Golf” satria ao anatin’ny tetikady tokony hahafantarana an’i Madagasikara izany.
Anisan’ny nahazoantsika mpizahatany be indrindra ny taona 2008 raha ny tantara no jerena; nahatratra 375 000 ny isan’izy ireo tamin’izany. Voasongona anefa izany ny taona 2019 satria nandray mpizahatany miisa 383 000 tany ho any isika. Izany hoe, taona tsara iny taona lasa iny raha ny fizahantany no resahana. Nitombo ny “devise” nampidirin’ny mpizahatany teto Madagasikara iny taona 2019 iny. Antony nampahomby izany, ny fanaovana “destination, randonné” ary “balisage” izay mirefy 182Km. Rehefa misy «balises» ireny «circuits» ireny, ny dikan’izay dia misarika sy miaro ny mpizahatany liana amin’io “randonnée” io ho tonga eto Madagasikara izany. Namoaka “remplication” izay nahitana ny zavatra rehetra momba ny mpizahatany tonga eto Madagasikara koa isika mba ahafahana manofana “contrôleurs des tourismes” miisa 33 any amin’ny Faritra manerana ny Nosy.

Taloha, avy atỳ Antananarivo ny olona mpanao “contrôle”, amin’izao kosa efa ahitana izany isaky ny Faritra, ka olona avy any ihany no atao “contrôleur”.

Mbola resaka an-tanety ihany, hatao amin’ity taona ity ary efa natomboka ny “Aire de Sécurité, de Services et de Repos” na ny ASSR vaovao any Maevatanana sy Miandrivazo. Hamboarina ny “gare routière” any Toamasina sy Fianarantsoa ary hanomboka haka ny “terrain” isika amin’ity taona ity. Toy izay koa ny any Manakara sy Toliara ary hanaovana “acquisition”-n’ny ASSR amin’ny lalana RN6 sy RN7 iny. Hatao ny “balisage” any amin’ny lalana RN2 sy RN4 ary harenina ny “gare routière” any Vangaindrano.
Amin’ity taona ity koa, hisy ny “bus suburbainne discret” na “bus service plus” izay manana traikefa kokoa momba ny fitaterana.
Mikasika ny “manifold” amin’ny “taxi brousse” dia hatao informatika sy “digitaliser”-na, amin’izay tonga dia fantatra daholo ny “base des données” hoe inona daholo na iza daholo no nandeha tamin’ireny “taxi brousse” ireny. Hanamboatra “guichet unique” amin’ny “gare routière” koa isika mba ahazoana manatsara ny tolotra omena ny mpanjifa. Hapetraka ny “ligne expresse Tsarasaotra-Ivato” hanatsara ny fakana “permis de conduire” satria ho “digitaliser”-na ny “cours” sy ny fanalana fanadinana.
Hatsaraina ny “gare” miisa 5 amin’iny FCE iny, toy ny any Manakara, Fenomby, Tolongoina sy Manapatrana ary Mahabako, ka hanaovana “acquisition des wagons de voyageurs” amin’ity taona ity.

Mikasika ny “transport fluvial”, i Soanierana-Ivongo no voamarina fa hanohizana ny asan’ny mpitatitra amin’ny sambo ahazoana mivezivezy eo anelanelan’i Soanierana-Ivongo sy Sainte-Marie.
Hatao ny “dragage”-n’ny lakan-dranon’i Pangalana, hatomboka ny “phase 2” mampitohy an’i Mananjary sy Manakara ary hatao ihany koa ny “découpement rotation” ahafahana manaraka ireo rehetra mampiasa ny “Canal de Pangalane”.

Anisan’ny “secteur sinistré” na sehatra voa mafy ny fizahantany amin’izao fotoana izao. Efa misy tetikady napetraka hanaovana “relance du tourisme” raha vao misokatra ny habakabaka hampiroboroboana ny “tourisme national”.

Nisy nanotany hoe: aiza ho aiza ny volan’ireo nisotro ronono tao amin’ny FCE satria mbola tsy voarain’izy ireo izany? Araka ny fantatra, efa eo ampamaranana ny fikarakarana izany ny CNaPS, ka inoana fa hisitraka izany izy ireo amin’ity taona ity.

Najanona kely aloha ny tetikasa amin’ny seranan-tsambon’i Soanierana-Ivongo satria nisy olana teo amin’ny “foncier”, ka heverina fa tsy maintsy misy fanatanterahana izany amin’ny fotoana manaraka.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, indray no nitarika ny fivoriana nanomboka teto ary nanome fitenenana ny Minisitra manaraka hanao ny tatitra momba ny fandaharan’asany ny tenany.

**Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy**
Raha tsy diso aho efa nozaraina taminareo na mbola ho avy eny am-pelan-tànanareo ny tatitra mikasika ny asa vitan'ny Minisitera nandritry ny taona 2019 sy ny taona 2020.

Tamin'ny taona 2019, ny tetibola nomena ny Minisitera tsy nasiam-panitsiana dia nahatratra 1 103 Miliara Ariary. Mitentina 897 Miliara Ariary sy ny 125 Tapitrisa Ariary no famatsiam-bola avy any ivelany ary ny 205 Miliara Ariary kosa avy ato anatiny.
Rehefa nanao fanitsiana ny tetibola isika dia nidina 753 Miliara Ariary ny famatsiam-bola avy any ivelany ary 210 Miliara Ariary no avy ato anatiny.
Rehefa notanterahana sy nandalo teto amintsika ny "loi de finances" niaraka tamin'ny "régulation" farany dia 753 Miliara Ariary tsy niova ny famatsiana ivelany ary 150 Miliara Ariary ny famatsiana anatiny.
Izay angamba no azo ifampizarana amintsika Solombavambahoaka satria miankina amin'io tetibola io no ahafahana manatanteraka ny asa. Raha fintinina, vola mitentina 150 Miliara Ariary no famatsiana anatiny izay nomena ny Minisitera ka ny 104 Miliara Ariary amin'io no anaovana "investissement" na RPI. Ny vola "engagés" tamin'izany dia 101 Miliara Ariary, izany hoe 97% nandoavana ny "droit et taxe à l'importation", ny 1,432 Miliara Ariary tamin'ny 4 Miliara Ariary nomena notantanan'ny Minisitera ary ny nandoavana ny TVA dia mahatratra 3 Miliara Ariary amin'ny 42 Miliara Ariary tokony handoavana ny TVA-n'ny "Entreprise". Izany hoe ny 7,63%-n'ny vola. Midika izay fa ny "taux d'engagement"-n'ny Minisitera tamin'ny taona lasa izany no RPI; eo amin'ny 64% eo ary tsy maintsy ny tetibola teo am-pelan-tànana no nanatanterahana ny tetikasa napetraka tamin'ny Minisitera.

Marihana, fa ny velirano faha-11 sy faha-12 tamin'ny nambaran'Andriamatoa Filohampirenena no andraikitra tanterahan'ny Minisitera iadidiako. Amin'io velirano faha-11 io, ny "modernisation"-n'i Madagasikara ary ny velirano faha-12, ny "autonomisation" sy ny "résponsabilisation"-n'ny "territoire".
Mikasika ny "modernisation"-n'i Madagasikara, miompana amin'ny fanamboaran-dalana na ny asa vaventy amin'ny ankapobeny. Tamin'iny taona lasa iny, raha fintinina, ny vola teo am-pelan-tànana izay mitentina 104 Miliara Ariary, tsy hoe ho an'ny asa vaventy irery fa ho an'ny "Direction Générale" telo. Izany hoe ny "Direction Générale des Travaux Publics», ny « Direction Générale des Services Fonciers » ary ny "Direction Générale de l'Aménagement du Territoire".

Nezahina notanterahana tamin'iny taona lasa iny ireo tetikasa niarahana tamin'ny mpamatsy vola izay nisy fitohanana kanefa tsy maintsy aroso, indrindra ny fanomanana mikasika ny lalàna mifehy ny asa vaventy.
Raha ny teo anivon'ny asa vaventy, nandalo teto amintsika ireo "ordonnances" mikasika ny "patrimoine foncier" sy ny "Fonds Routier" ary ny "Agence Routière". Fanovàna lehibe iny satria izay no nangatahan'ireo mpiara-miombon'antoka amintsika, mba ahafahany mamatsy vola ny fanamboaran-dalana eto Madagasikara.
Araka ny tarehimarika nomena teo, ny ankamaroan'ny fanamboaran-dalana hatreto dia famatsiam-bola avy any ivelany aloha no ankabeazan'ny tetibola tantanan'ny Minisitera. Noho izany, lalana roa lehibe tao anatin'ny "Promesse Présidentielle" no natomboka tamin'ny herin-taona dia ny lalana Ambilobe-Vohémar sy ny RN44 mampitohy an'i Moramanga sy Ambatondrazaka. Hita fa efa nandroso ireny asa ireny ary voasonia tamin'ny

taon-dasa daholo ny famatsiam-bola niarahana tamin'ny Governemanta Sinoa momba ny lalana Ambilobe-Vohémar ary niaraka tamin'ny "Banque Mondiale" ny RN44.

Fanamarihana manaraka, tamin'iny taona 2019 iny; tsy nampiasa vola tamin'ny fanamboaran-dalana ny "Fonds Routier" na ny "Fonds d'Entretient Routier" no nahafantarantsika azy satria tsy nisy vola tao amin'ny kitapom-bolan'ny Minisitera. Izay nangonina tamin'ny taona 2018 dia saika hanatanterahana ny asa tamin'ny taona 2019 saingy foana daholo izany; nandoavan'ny Governemanta teo aloha ny trosan'ireo "pétroliers" rehetra ny vola, ka tsy nisy ny famatsiam-bola nanaovana ny "entretient routier" tamin'ny taona 2019. Noho izany no nahatonga anay nanararaotra fotoana hanaovana ny fanitsiana na ny "réforme" rehetra tokony hotanterahana tao anatin'izay lavaka izay.
Raha amin'ity taona 2020 ity; mikasika ny fanamboaran-dalana dia hofintiniko ihany satria ny tetibola napetraka tamin'ny "loi de finances initiale" izay nolanianareo ary navoaka tamin'ny "ordonnance" dia mahatratra 320 Miliara Ariary ny tetibola natolotra hotantanan'ny Minisitera. Amintsika miteny izao, handalo eto aminareo ny vinavinan'ny tetibola nasiam-panitsiana; nidina ny tetibola araka ny vinavinan'ny fanjakana. Lasa 110 Miliara Ariary izay tetibola nasiam-panitsiana izay. Mbola eo ampamolavolana azy, fa ho hitantsika eo ihany.
Amin'izao fotoana izao, ny fampiasam-bolan'ny Minisitera dia mitotaly eo amin'ny 37 Miliara Ariary eo no efa "engagés" tamin'ity taona 2020 ity. Mitotaly 54 Miliara Ariary no efa "en cours d'engagement", ka ny vola tokony haloa any amin'ny mpiara-miombon'antoka dia mitentina 25 Miliara Ariary. Ireo hetra sy ny RPI, araka ny voalaza teo, isika no mandoa ny ampahany, ka mitentina 5 Miliara Ariary mahery kely eo izany amin'ity taona ity. Raha akambana izay rehetra izay, angamba amin'ity taona ity mety tsy ho afaka manao "engagement" intsony ny Minisitera manomboka androany satria efa mihoatra ny zavatra efa vita raha oharina amin'ny tetibola eo am-pelan-tànanay.

Heveriko fa izay no fanamarihana mikasika ny tatitra momba ny fampiasana ny vola ato amin'ny Minisitera roa tantanako.

Hatomboka amin'ity taona 2020 ity ny RN44 ary amin'ny herinandro no hamantarana izay "entreprise" hanatanteraka izany. Torak'izay koa RN9 izay efa fantatra ireo orinasa hanao azy. Any anivon'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola ny "enregistrement"-n'ny "contrat" ka hidina any an-toerana ry zareo.

Fahatelo manarak'izany, araka ny velirano dia hatomboka amin'ity taona ity koa ny fanamboarana ny RN6 izay efa any amin'ny CNM ny "dossiers d'appel d'offre" ary hivoaka alohan'ny tapak'ity volana ity eny anivon'ny gazety an-tsoratra rehetra izany. Miala ao Ambanja mandrapahatonga any Antsiranana; toy izay koa ny RN5, miala any Soanierana-Ivongo mandeha any Ivahibe satria izay no nahazoana fankatoavana tamin'ireo mpamatsy vola. Hivoaka alohan'ny faran'ny volana koa ny tetibola mikasika izay.

Farany, mikasika ny velirano sy ny "Promesse Présidentielle" izay nampiandraiketina ny Minisitera dia ny lalana RN13 satria Andriamatoa Kestora Voalohany sy Ramatoa Solombavambahoaka avy any Faradofay toa tsindrian-daona ihany; efa an-dalana miandry fankatoavana avy amin'ny mpamatsy vola izany. Alohan'ny faran'ity volana ity no ahafahana mandefa ny tolo-bidy amin'izany.
Tsara homarihana fa ireo tolo-bidy ireo dia tolo-bidy iraisam-pirenena. Izany hoe "appel d'offre international". Hatramin'izao anefa mbola mikatona ny sisintanintsika; ny dikan'izay

dia sarotra ihany saingy mbola ho hita eo ny handaminana azy amin'ny ahafahan'ireo "entreprises" avy any ivelany ho tonga eto an-toerana hanatanteraka ny famaliana ireo tolo-bidy ireo. Efa nanapakevitra ihany ny Minisitera niaraka tamin'ny mpamatsy vola hoe: haroso aloha dia ho hita eo ny fivoaran'ny fisokafan'ny lanitra eto amintsika. Raha ohatra mbola mitohy ny olana amin'io "coronavirus" io, voatery mihemotra indray ny famerenana ny tolo-bidy mba hisian'ny mangarahara tsara satria amin'ny maha-"appel d'offre international" azy, tokony ho afaka manatrika eo daholo ny olona avy any ivelany amin'ny fametrahana tolo-bidy avy aminy. Ao anatin'ireo daholo ny lalana vatsian'ny mpamatsy vola afa-tsy ny roa izay nolazaiko teo dia ny RN44 sy RN9. Efa vita talohan'ny fihibohana ny tolo-bidy momba azy ireo, fa tsy voakasik'izay intsony.
Izay no mikasika ny lalana.

Mikasika ny fananan-tany sy ny fanajariana ny tany, tonga dia atambatra amin'ity 15 minitra voalohany ity.
Ny ezaka natao dia nanohy ny fananganana Birao Ifoton'ny Fananan-tany na ny BIF (Birao Iombonan'ny Fananan-tany) eran'i Madagasikara. Miisa 9 no voatsangana tamin'ny herin-taona ary mieritreritra fananganana biraon'ny fananan-tany, 4 no hatao amin'ity taona ity ary miandry ny fahalanian'ny LFR eto aminareo hanapahana hoe aiza amin'ireo toerana ireo no hotanterahana izy 4. Averina ihany, raha ohatra mijanona amin'izao ny famatsiam-bolan'ny LFR dia ireo 4 ireo aloha izany no azo atao amin'ity taona ity satria efa tapitra ny tetibolan'ny Minisitera amin'izao volana Jona 2020 izao.

Farany, mikasika ny asan'ny fanajariana ny tany; hitantsika fa nandeha ny tetikasa, ny iray tetikasa efa tsy nandeha hatramin'izay, PADEV no ilazana azy ary any amin'ny renivohi-paritany telo dia any Fianarantsoa, Toliara ary Antsiranana no ahitana azy. Etsy andaniny, ny fanamboarana ny tetikasa "la rocade d'Antananarivo" izay lalana hamakivaky an'Antananarivo.
Ny fahatelo, ny tetikasa PIA na ny "Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo". Hitantsika fa efa tapitra tanteraka ihany koa izany, fa hiditra amin'ny PIA II isika izao rehefa vita ny fanadihadiana. Tsy ny Minisitera intsony no hiandraikitra azy, fa ny Minisiteran'ny Rano sy ny Fanadiovana. PAO no fanadiovana amin'ny manaraka, izay tetikasa novolavolaina teo anivon'ny Minisitera kanefa noho ny fiaraha-miasa ao amin'ny Governemanta dia nafindra izany. Ny tetikasa hanaovana tolo-bidy manomboka amin'ity herinandro ity dia ny tetikasa "Produir" izay hatao eto an-tampon-tanànan'Antananarivo. Nisedra olana ihany izy io, fa izay vao voavaha daholo izany mba ahafahana manampy ny tanànan'Antananarivo hiatrika ny olana amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny faharefoana amin'ny fiakaran'ny rano.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**Andriamatoa ZASY Angelo, Minisitra Lefitra miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy Toeram-ponenana**
Raha mikasika ny "nouvelles villes" sy "habitat", mazava ho azy fa tamin'ny taona 2019 mbola tsy nisy "Vice-Ministre" niandraikitra izany, fa nisy "contrat programme" momba ny Tanàna Vaovao sy Toeram-ponenana.

Tamin'ny taona 2019 raha mikasika ny « nouvelles villes » dia nisy "décretion de la polarité urbaine"-n'ny Tanamasoandro teny Ambohitrimanjaka. Inona io zavatra nataontsika io?

Voalohany, ny 100%-n'ny fanadihadiana nataontsika dia mikasika ny « étude de remblais »-n'ny Tanamasoandro dia ny LNTPB no nanao azy. Nanao « dossier étude d'impact environnemental » sy sosialy koa isika. Efa napetraka tamin'ny ONE ny "dossier", fa mbola tsy natao ny "étude".

Mikasika ny asa, mazava ho azy fa mbola tsy nanomboka ny Tanamasoandro, fa ny "étude topographique" no natao mikasika izay asa izay
Nisy "polarité" vaovao mikasika ny "module", nisy anankiray eny Ivato ary 58ha no toerana misy azy. Nisy ny "pose de première pierre" natao mikasika ny "construction de 38 immeubles" na « 608 logements » hanomezana asa ny «Analogh». Nisy "études" betsaka natao, toy ny "levée topographique" sy "volet juridique" mikasika ny "notification"-n'ny tompon-tanàna sy ny "consignation"-n'ny "budget d'indemnisation" napetraka tany amin'ny "trésor public".

Mikasika ny « habitat », manana « contrat programme » mikasika ny « développement de 40 000 logements » ho an'i Madagasikara isika. Tany Amborovy no nataontsika ny « travaux de fondation » mikasika ny « 30 logements » izay tetikasa nataon'ny SEIMAD; teo akaikiny teo mbola nisy tetikasa momba ny « immeuble R+4 » na ny « building » tohiny hamboarina eny Ivato. Eny Ankadikely Ilafy mbola misy programan'ny SEIMAD, misy « 34 logements en cours ». Natao fametrahana tafo, amin'izao fotoana izao, ao amin'ny «village Voara». Hisy fananganana «130 logements» na «building en cours» ao amin'ny «site militaire RFI», natao ny «pose de première pierre». Eny Ankadikely Ilafy sy Amparihy Mahitsy, nisy «études de viabilisation» natao.
Mikasika ny tetikasa ao Ivato, natao ny fanadihadiana momba ny «60 appartements» izay tetikasan'ny SEIMAD; natao ny «étude Avant Projet Détaillé» na APD sy ny fanadihadiana teknika rehetra. Tany Amborovy, napetraka ny «plan d'aménagement».

Mikasika ny «politique nationale de développement d'équipements validés» tamin'ny 20 Desambra 2019 momba ny resaka «politique nationale du logement» dia nolaniana ny «politique nationale de développement urbain» na ny PNDU. Mikasika ny «loi nationale sur l'urbanisme et de l'habitat» dia nisy «décrets» miisa 9 sy «arrêtés ministeriels» miisa 4 efa nolaniana.
Izay ny momba ny tetikasa natao tamin'ny taona 2019.

Raha ny taona 2020 kosa, mikasika ny tetikasa "nouvelles villes», mitohy ny "étude de faisabilité" napetraka tamin'ny toerana hafa ankoatran'ny Tanamasoandro. Amin'ny "projet nouvelles villes" Ivato dia 58ha no totalin'ny toerana ao. Efa manao «terrassement» ary ho vita tanteraka izany; amin'izao fotoana izao, efa manomboka ny fanamboarana ny «immeuble» eo akaikin'iny lalam-baovao iny.

Mikasika ny «habitat», efa ho vita ny "logements" nataontsika tany Mahajanga; fotoana hanaovana ny "réception définitive" momba izany isika ary hitohy ny «projet de viabilisation» hitondrana rano sy jiro amin'izany toerana izany, ao koa ny "viabilisation du site" hisy "immeuble R+4" na "building" no ilazana azy.
Izay no mikasika ny politikan'ny «habitat» sy ny «nouvelles villes». Ankoatran'izay, raha jerentsika ny totalin'ny "logements" tokony hotanterahana dia mbola lavitra ny tanjona isika. Inona no anton'izay? Angamba ny tetibola voatondro hanamboarana ny trano no mety tsy ho ampy.

Ny zavatra ataontsika amin'izao dia mitady «outils de financement» vaovao mba ahafahana manorina trano betsaka. Ny «entreprise Analogh» dia efa nanao "projet de partenariat" tamin'ny «investisseur institutionnel» mba ahafahana mahazo «autonomie financière». Amin'ny "terme technique", tsy miandry ny «subvention» avy amin'ny fanjakana intsony raha tsy izay, lasa tsy tratratsika ny tanjona hoe: «30 000 logements».

Izay ny mikasika ny zavatra natao tamin'ny taona 2019 sy taona 2020 mikasika ny «nouvelles villes» sy ny «habitats».

Tamin'ny herinandro lasa, fanontaniana iray ihany no napetraky ny Solombavambahoaka avy eto Antananarivo faha-IV mikasika ny Tanamasoandro. Aiza ho aiza, hoy izy, ny «projet Tanamasoandro» satria mila trano vaovao izahay kanefa tsy tafiditra any amin'ny lalana misy anay ny fiaraben'ny mpamonjy voina. Iza ny olona misakana ny "projet Tanamasoandro".

Aleo iverenana ny «contexte» momba ny Tanamasoandro. Efa mazava tsara ny amin'iny; ny renivohitra efa feno loatra, ny «embouteillage» misy foana isan'andro satria efa «sous dimensionné» ny lalana ananantsika.
Raha mijery ny tranom-panjakana isika, efa simba daholo, efa antitra, raha jerena ny sekoly manana ny «équipement sportif»-n'ny Minisitera rehetra dia efa antitra daholo koa. Inona izany no olana amin'izay, inona ny vokatr'izay zavatra izay? Misy fiantraikany amin'ny «efficacité économique» izany satria voafetra ny fotoanantsika any anaty «embouteillage» ary ny tena olana dia ny «efficacité de gouvernance». Raha ohatra nandany adiny roa aho vao tafahaona tamin'ny Minisitra namako teny Ampandrianomby, nisy «inefficacité» tamin'ny «gouvernance» izay. Izany hoe, tokony ho vitako talohan'izay ny lalana kanefa tara adiny roa. Raha jerentsika ny fotoana androany eto amin'ny CCI-Ivato, tokony ho natao tany amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena izany kanefa natao teto. Izany hoe, misy olana ny resaka «dimensionnement des besoins» eo amin'ny fitaovam-panjakana. Tena olana mihitsy izay. Izany hoe, tsy tokony hisy olana ny tetikasa Tanamasoandro, tsy tokony hisy «blocage» ny tetikasa, fa mety ny toerana hanaovana azy no misy olona. Amin'ny maha Minisitra misahana ny Tanàna Vaovao sy Toeram-ponenana ahy, raha ohatra misy «blocage» ohatran'izao, tsy maintsy mitady toerana hafa mba ahafahantsika manapakevitra amin'izany.
Misy tombotsoa aloha ny lemaka eny Ambohitrimanjaka sady misy lafiratsiny koa. Inona no tombotsoa ao aminy? Voalohany, akaiky ny «centre ville» izy. Izany hoe, ny fitaovana tokony hampiasaintsika eny an-dalambe, tsy dia mila firy isika satria efa misy «voie rapide». Midina izany ny «coût d'investissement».
Ny lafiratsiny indray, misy tokontany marobe amin'io toerana io; mahatratra any amin'ny "9 000 parcelles microfoncières" farafahakeliny, 9 000 no tompony ary raha 5 no isan'ny olona isaky toerana, efa miakatra 45 000 olona izany rehefa isaina. Hisy fiantraikany be izay raha hanao "négociation" tsirairay avy amin'ny «planning de réalisation du projet» isika.
Manaraka, momba ny lafiratsiny ihany dia ny «remblais». Tsy maintsy manao an'izay isika. Mandany fotoana sy mandany vola, tsy maintsy manao «fondation profonde» koa. Lasa miakatra ny «coût de développement»-n'ny toerena amin'izay fotoana izay. Raha hitady toerana hafa manodidina an'Antananarivo isika, misy «avantage» sy "inconvenient" hatrany. Raha ohatra ny fanjakana no tompon'ny tany, mety tsy hisy olana ny resaka «négociation», fa tonga dia afaka mandroso ny asa rehetra. Ny lafiratsiny, mety ho lavidavitra ny hahitana lalambe, mbola hitady vahaolana amin'ny resaka fitaterana indray. Izay no lafiratsiny raha hanao fampandrosoana ny «nouvelles villes» amin'ny toerana hafa isika.

Raha ny Tanamasoandro, efa nanao planina an'io lemak'Ambohitrimanjaka io isika ary raha mahita toerana hafa, tsy maintsy manao fanadihadiana indray, hanao planina vaovao hafa mba ahafahana manapakevitra sy manao fampitahana. Rehefa vita izay, afaka misafidy ny toerana. Goavana ny «programmation» satria ny olana dia ny «gouvernance» eto anivon'ny renivohitra. Araka ny voalaza teo aloha, efa «sousdimensionné» ny lalana eto amintsika, antitra koa ny fotodrafitrasan'ny fanjakana. Io no tena mandany fotoana betsaka satria misy fiantraikany raha diso amin'ny «effectif» na «dimensionnement» any amin'ny Minisitera isika. Raha haka ohatra isika, ny «poste de travail»-n'ny olona iray ao amin'ny Minisitera dia eo amin'ny 13m$^2$. Izany hoe raha diso ny Minisitera iray dia ampitomboana izany; raha miampy olona 5 dia lasa 65, ka raha Minisitera 10 izany dia lasa 650m$^2$, raha Minisitera 20 dia lasa 13 000m$^2$. Fantatra fa "1000 Dollars" ny metatra toradroa amin'ny fanamboarana "building" vaovao, lasa "13 Millions de Dollars" ny vidiny. Noho izany, tsy maintsy anaovana «approche détaillée» mihitsy ny momba ny «programmation» ao amin'ny «sphère administrative» sy ny «sphère ministèrielle». Raha «1000 Dollars» ny metatra toradroa amin'ny fanamboarana tranom-panjakana na «sphère ministèrielle» vaovao; raha ampitomboina 20 000 olona izany, tena tetibola lehibe mihitsy vao vita. Tsy maintsy mitady tetikady isika hanaovana famatsiam-bola ny tetikasa ary tsy haharaka mihitsy ny fanjakana Malagasy raha handoa «20 000 000 Millions de Dollars» hanaovana an'izay «opération» izay kanefa mety tsy ho «rentable» raha atao «opération commerciale». Amin'izao fotoana izao, efa manao fanadihadiana ny ekipan'ny Minisitera mitady «investisseur» sy ny «partenaire financier» hanaovana ny «projet des nouvelles villes» eto Antananarivo.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka, ka ireto avy izy ireo no nametra-panontaniana tamin'ny Minisitera nanao tatitra momba ny fandaharan'asany,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges
2. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
3. RAZAKANDRAINY Henri Dominique
4. RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
5. RAFIDIMANANA Narson
6. RAZAKANDRAINY Henri Dominique
7. ZAFINANDRO Perle Bien Aimée
8. RAJAOBELINA Lova Herizo
9. RAJOELINA Andriami-harimanana Seth
10. NASIRA Julien
11. RAKONTONDRASOA Fetra
12. RAKOTORAHALAHY Modeste
13. RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène
14. RASOLOMANANA Beby Olivier
15. RAKOTOMALALA Dina Taratriniaina
16. RASOAZANANERA Marie Monique
17. JOHASY RAHARISOA Eléonore
18. EDIZARD
19. MBADE Jeannine Gabriel

20. MBELO NDRIAMANAMPY Jean Germain Odon
21. VOLAHAINGO Marie Thérèse
22. FAMINDRA Justin

Taorian'ny fandraisana fitenenana nataon'Andriamatoa FAMINDRA Justin, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiato kely fivoriana mba ahafahana misakafo satria mandroso ny fotoana. Mitohy indray ny fivoriana amin'ny 2 ora, tolak'andro, sady manohy ny fametrahana fanontaniana ny Solombavambahoaka.

Niato tamin'ny 1 ora 20 minitra, atoandro, ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 2 ora sy 35 minitra, tolak'andro, ny fivoriana.

Tamin'ny fitohizan'ny fivoriana, ireto tanisaina manaraka ireto indray ireo Solombavambahoaka nametra-panontaniana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

24 MANOLOSOA Félix
25 RAVELOSON Guillaume Narindrasana
26 RICHARD Tsimahalefy Alexandrine
27 FELICIEN Randrianantenaina
28 ANDRIAMBELOSON Heriniaina
29 BAOFENO Micheline
30 RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson
31 ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
32 VONINAHITSY Jean Eugène
33 FERNAND Jeannot
34 RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
35 RAKOTOARIMANANA Patrice
36 ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
37 FIAROVANA Lovanirina Celestin
38 RASOLONJATOVO Honoré
39 RAKOTONDRAZAFY José Alain
40 ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn
41 RAMILISON Ange Richard
42 RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
43 FIENENA Richrd Désiré
44 HENRI Jean Michel
45 RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
46 VELONTSARA Paul Bert
47 RAZAFINDRIATSARA Jonshon Anatol
48 RAKOTONDRAVAO Georges
49 RAKOTONDRAVOAVY Andrianjanakolona
50 TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or
51 RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
52 REMI dit DJAO Jean
53 TSABOTOKAY Honoré
54 ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

55 MAMANGY Norbert
56 RABENARY Jean
57 ASSIMO Bruno
58 Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin GeorgEs, solotenan'ny Vondrona Parlemantera TIM
59 Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André, solotenan'ny Vondrona Parlemantera GPR
60 Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, solotenan'ny Vondrona Parlemantera IRD

Ireto no fanontaniana nisongadina isaky ny Minisitera.

**Minisiteran'ny Fitaterana, ny Fizahantany sy ny Famantarana ny Toetr'andro**

- Mivelona amin'ny fizahantany ny Distrikan'i Sainte-Marie; inona no fanampiana azo omena ny olona misehatra ny lafiny fizahantany any an-toerana amin'izao zava-misy izao?
  Mijaly ireo mpisehatra amin'ny fizahantany amin'izao fiatrehana ny "covid-19" izao, indrindra ireo "guides touristiques". Mitaraina izy ireo fa noana, sao mba misy azo atao hanampiana azy ireo, indrindra fa ny tanora.

- Raha ny fitaterana, misy "bac" iampitana avy eo Ankify mankany Nosy Be iny tapany avaratra iny, fa i Sainte-Marie kosa, efa ela no tsy nojeren'ny fanjakana. Misy volavolan-kevitra noeritreretinareo ve mba ahafahana misitraka "bac" ho an'i Sainte-Marie sy Soanierana-Ivongo? Manao ahoana ny momba ny "bac" ao Bevoay mampitohy an'Ihorombe-Manja mandalo ao "Bas Mangoky"?
- Ny fizahantany, momba ny "Aire de Sécurité, de Services et de Repos" na ny ASSR, efa hita tao amin'ny PGE izany. Raha momba an'i Sakaraha, eo anelanelan'i Mahaboboka sy Vinenta, amin'izao fotoana izao toa nanjavona.
- Mikasika ny «gare routière» eo amin'ny Fasan'ny Karana, aiza ho aiza ny mikasika an'io fotodrafitrasa io, nisy nilaza fa hafindra eny Ambohimanambola kanefa tsy misy fanapahan-kevitra hatramin'izao. Sahiran-tsaina ny mpandeha amin'iny RN7 iny satria hitantsika ny zava-misy mikasika an'io tobim-pihantsonana io. Tahaka izay koa ny "gare routière", ao Fort-Dauphin, jereo izany satria tsy mendrika azy ny fotodrafitrasa ao an-toerana, lasa manimba ny endriky ny tanàna.
  Mangataka ny hanaovana "gare routière" any Mandritsara mba hampalalaka ny tanàna; tahaka izay koa ao an-tampon-tanànan'i Fandriana satria ratsy tanteraka izany.

  Aiza ho aiza ny «subvention» homena ny mpiasa ao amin'ny "gare routière Maki"; mitaraina fatratra izy ireo noho ny fahasarotan'ny fiainana amin'izao fihibohana izao.

- Mikasika ny "plateforme" hametraka GPS ho an'ny mpitatitra; raha azo atao, tokony hahazo ny Faritra fa tsy eto an-drenivohitra ihany, satria afaka misitraka tombotsoa avy amin'ny CNaPS koa ny mpitatitra any amin'ny Faritra.
- Momba ny fitaterana an-dranomasina, malalaka loatra izany any amin'ny sisin-dranomasin'i Fort Dauphin, koa miangavy ny hanaovana fanaraha-maso izany satria tsy fantatra mihitsy ny fivezivezena ao. Mitaraina ny mpanjono madinika satria tsy fantatra marina ny zava-miseho amin'io sisin-dranomasina io.

- Mikasika ny fitaterana an'habakabaka, misaotra fa maro ny fanazavana teo. Maro ny toerana tsy nisy fiaramanidina, nandray fanapahan-kevitra ianareo fa hasiana zotra-piaramanidina izany amin'izao fotoana izao. Tsara izay, fa tokony hojerena ny antony misakana ny mpizahatany tsy ho tonga eto Madagasikara. Ataovy izay ahatongavan'ny mpizahatany maro eto amintsika.
  Aiza ho aiza ny tetikasa hanamboarana ny seranam-piaramanidina ao Manja? Azo averina amin'ny laoniny ve ny seranam-piaramanidina ao Port Bergé?
  Manao ahoana ny «autorisation de vol aérien» satria tokony efa hirotsaka an-tsehatra ireo teknisiana ao amin'ny ACM amin'izao fotoana izao?
- Ahoana no hametrahana politika mazava hialana amin'ny laza ratsin'i Madagasikara hisorohana ny «tourisme sexuel» satria mahamenatra izany.
- Tery loatra ny lalana miditra ao Moramanga an-tampon-tanàna, efa nieritreritra ny hanao «voie de contournement» ihany ianareo. Aiza ho aiza izay. Azo antenaina ve ny hanombohany amin'ity taona ity satria tsy zakan'ny lalana intsony fifamoivoizana, ka atahorana sao mitera-doza?
- Tsy mazava ny momba ny "port" any Antalaha; rahoviana izany vao ampiasaina. Mangataka ny hijerena an'izay izahay any an-toerana.
- Maro ireo mpiasan'ny "Air Madagascar" manontany hoe: inona no politika sy paikady vaovao entina hanarenana ny orinasa, fa raha mitohy izao teo-javatra izao, roa na telo volana monja dia ho rava ny orinasa iasan'izy ireo.
- Raha ny fizahantany, tsy efa tokony hanangana "Direction Régionale" mitokana ho an'ny Faritr'Itasy ve ianareo, fa tsy atambatra amin'i Bongolava intsony satria tena sahirana izahay amin'ny fandraisana andraikitra sy ny fiaraha-miasa amin'ny olonareo?
- Aiza ho aiza ny momba ny « permis de conduire » sy «carte grise» amin'izao fotoana izao?
- Inona no fepetra tokony horaisin'ny Minisitera mikasika ny «bajaj» satria maro ny lozam-pifamoivoizana aterany?
- Misy vakoka antsoina hoe: "route des indigènes" any Betafo, azo eritreretina ve ny hahavitan'izany araka ny tokony ho izy?
- Ahoana ny mikasika ny tetikasa antsoina hoe "village de vacances" any Ampefy fa sahiran-tsaina ny vahoaka amin'ny tsy fahafantarana ny marina.
- Efa nieritreritra tetikasa momba ny «sites touristiques» misy eto Madagasikara ve ny Minisitera?
- Inona no antony mahatonga ny Distrika sasany tsy mahazo ny "Fonds d'Entretien Routier".

**Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy**

- Inona no antony tsy anombohana ny RN13 kanefa ao anatin'ny programan'Andriamatoa Filohampirenena ny fanaovana izany.
- Mangataka ny hitsinjovana manokana an'i Sainte Marie noho ny maha nosy azy. Tokony homena fampitaovana izy satria lavitry renivohitry ny Faritra Analanjorofo dia i Fénérive-Est izany. Tsy manana lalana hiampitana raha sanatria misy zavatra manjo. Izany hoe, mba amboary ny lalana ao amin'io Distrika io.
- Mikasika ny asa vaventy, mazava ny resaka teo fa miankina amin'ny tetibola daholo ny zavatra rehetra. Mangataka, Andriamatoa Minisitra, mba hasiana tetikasa daholo isaky ny "Chef lieu de District" mba hampitovy ny fampandrosoana eto amintsika, fa tsy ny tanàn-dehibe ihany no hanaovana izany.

- Mikasika ny tetezana ao Taralava, mampitohy ny Distrika telo: Sakaraha, Ankazoabo ary Beroroha; hatreto tsy fantatra hoe ahoana fa mihasimba ary mety hamono olona mihitsy izy io ka mila jerena akaiky.
- Mangataka ny Minisitera mba hijery ny fitaterana avy any Fort-Dauphin mankany Toliara, miakatra atỳ Antananarivo satria mijaly ny mpandeha, «sur charge» hatrany ny "taxi-brousse" ka atahorana ny hapidi-doza.
- Iarahana mahita fa mandeha ny fanamboaran-dalana amin'iny RN44 iny; manao ahoana kosa ny mikasika ny PK60 avy ao Amboasary mankany Vodiala, efa "notifié" ve ny orinasa hanao azy ary rahoviana no hanomboka ny asa.
- Voalaza tao anatin'ny PGE ny tetezana ao Mangoro sy Antsapanana, efa nisy nanomboka ny asa kanefa nijanona indray, inona no antony tsy anohizana izany?
- Mangataka ny hijerena ny RNT23 mampitohy an'i Moramanga sy Nosibe An'Ala satria ratsy dia ratsy io lalana io ankehitriny.
- Manomboka ny tetikasa PADEV any Fianarantsoa, ahoana ny fanatanterahana ny asa tokony hatao any Sahasinaka satria ao anatin'io Faritany io ny toerana voalaza eo ambony sady efa voasoratra amin'ny boky misy ny fandaharan'asanareo rahateo izany? Mikasika ny lalana ao an-tampon-tanànan'i Fianarantsoa, "Promesse Présidentielle" izany ary efa nisy fanadihadiana natao. Tiana ho fantatra hoe rahoviana no hanomboka ny asa.
- Aiza ho aiza ny fanohizana ny fanamboarana ny lalana any Antalaha-Maroantsetra?
- Nesorina ny "Chef Topo" tany Antalaha, tsy mbola voasolo hatramin'izao, aiza ny olona tokony hasolo azy fa sahirana ny mponina mila ny asa avy amin'io sampandraharaha io?
- - Nafindra ny "Chef Topo" sy ny "Chef Domaine" any Mandritsara ary hatramin'izao dia mbola tsy nisy solony ireo olona ireo. Mangataka ny hanendrena maika dia maika ny solotenan'ny "Domaine" sy "Topo" any Mandritsara izahay satria sahirana ny mponina any an-toerana.
- Ahoana ny momba ny tany mirefy 1 700ha izay bodoin'olon-tokana ao amin'ny Kaominina Analavory, toa tsy misy vahaolana fa manao izay tiany io olona io? Amintsika miresaka izao, nahazo antso izahay fa tonga any indray io olona milaza ho tompony io sady nilaza fa efa lafony ny tany. Mila jerena haingana izany hialana amin'ny fanjakazakan'olon-tokana.
- Aiza ho aiza ny fanamboarana ny RN34 fa tena mijaly ny vahoaka any amin'ny Distrika mampiasa izany lalana izany.
- Mikasika ny tetezana ao Ambatakazo mampitohy an'i Morondava sy Vakinakaratra, tena simba ary efa nahafatesana olona ka mila fanamboarana izany.

- Ny lalana RNT36 mampitohy an'Ampanotokana sy Fenoarivobe, araka ny taratasy nalefan'Andriamatoa Minisitra dia efa nisy vinavina hanaovana azy. Marihana fa lalana ikambanana amin'ny Distrikan'Ankazobe izany. Mangataka ny hanatanterahana azy satria io no mampahantra an'i Fenoarivobe.

- Ho an'ny Faritra Bongolova, ny lalana mampitohy an'i Bevato sy Ambohitromby dia efa nisy fanamboarana ary anisan'ny tsara tokoa saingy eo antenatenany, ao Ankadibevava mankany Fenoarivobe no misy "point noir"; koa mangataka ny fanarenana izany izahay.

- Miharatsy ary potika ny làlana RN32 avy any atsimo mandeha any Mandritsara, efa niverina ho lalan-tany izy amin'izao. Andriamatoa Minisitra, mangataka ny hanamboarana ny lalana mampitohy an'Antsohihy Mandritsara, Mandritsara-Befandriana.

- Mikasika ny lalana RN41, rahoviana no hanomboka ny fanaboarana azy fa efa miandry fatratra an'izany ny Distrikan'i Fandriana.
- Efa "legende" mihitsy ny lalana Ambinanindrano any Ambositra; izay olona tonga any dia miteny an'io lalana mirefy 56Km io satria tsy fantatra intsony izay maha-lalana azy. Aiza ho aiza ny fanamboarana an'io lalana io.
- Aiza ho aiza koa ny fanamboarana ny RNT12A, misy ihany ny "réalisation" voalazanareo tamin'ny tatitra teo; nisy "appel d'offre" koa ohatran'ny hoe mandeha saingy ny tapany atsimo hatrany no voakasika.
- Maninona ny "bac" ao Manambondro no mbola tsy amboarina hatramin'izao. Sahirana ny vahoaka, koa mangataka ny hanaovana izany izahay.
- Momba ny lalana RNT18, ho tanteraka tokoa ve ny fanamboarana ny asa tamin'iny taona 2018 iny. Aiza ho aiza ny "financement" mikasika azy io, mety ho fantatra ve?
- Rahoviana ny fanamborana ny lalana RN12 any Atsimo Atsinanana izay mirefy 22Km ao avaratr'i Farafangana?
Aiza ho aiza ny fanamboarana ny lalana mandeha any Mangabe satria maro ny vokatra ao kanefa tsy tafavoaka ho any amin'ny faritra hafa mihitsy?
- Ahoana ny momba ny fikarakarana ny lalana RN3 Anjozorobe-Antananarivo sy ny lalana mankany Mangamila-Alakamisy, Anjozorobe-Betatao ary Sadabe-Analaroa izay tsy ahafahana mamoaka vokatra. Simba ny vokatra, ny olona sahirana noho ny faharatsian'ny lalana. Mitaraina ny vahoaka koa mangataka ny hanamboarana izany izahay.
- Rahoviana no hanomboka ny fanamborana ny RN44, tsy tafavoaka mihitsy ny vokatra any amin'ny Kaominina tsirairay.
- Inona no antony tsy mahatafiditra ny lalana Ambato Boeny ao anatin'ny tetikasa kanefa mirefy 18Km monja no sisa tsy vita.
- Ahoana ny mikasika ireo «police de la route contre la corruption», ohatran'ny «taux unique» mitentina 12 000 Ariary no alainy amin'ny mpamily na 1$^{ère}$ na 2$^{ème}$ eny fa na ny 3$^{ème}$ "catégorie" aza. Tsy fantatra hoe alefa aiza ny vola azo amin'izany.
- Inona no antony tsy ahitana ny lalana mirefy 22km hiditra ny tanànan'i Farafangana ato anatin'ny tetikasan'ny Minisitera?
- Tao anatin'ny fampanantenana nataon'Andriamatoa Filohampirenena ny lalana mirefy 45km ao Vohitraivo-Andilamena kanefa mbola tsy voasoratra amin'ity boky misy ny tetikasan'ny Minisitera ity, inona no mety ho antony?
- Hizara roa ny Faritra Vatovavy Fito Vinany atsy ho atsy, izany hoe lasa 23 no isan'ny Faritra eto amintsika. Efa misy tetikasa noeritreretinareo handraisana an'izany ve?
- Fampanantenana nataon'Andriamatoa Filohampirenena ihany koa ny tetezana Antokofolo any Betafo, tsy mbola vita izany ka inona no mety ho antony?
- Aiza ho aiza ny fanamboarana ny lalana PK142 any Ambatondrazaka satria raha tonga ny fotoam-pahavaratra dia ho sahirana ny vahoaka amin'ny fahatapahan'ny lalana.
- Nisy programan'asan'ny Minisitera amin'ny famakiana ny lalana Andavamamba, Anjezika I, Ampefiloha, Ambodirano mankany Itaosy, aiza ho aiza no mety ho fanatanterahana izany?
- Inona no azon'ny Minisitera atao amin'ny lalana RN14 mampitohy an'Ifanadiana sy Ikongo. Mangataka ny hampidirana izany amin'ny tetikasa izahay satria tara raha ny fampandrosoana no jerena.
- Mbola misy fanantenana ve ny hanohizana ny fikarakarana ny lalana RN43 sa tsia?
- Ahoana ny fikarakarana ny "terrain d'aviation" ao Midongy sy ao Befotaka.
- Aiza ho aiza ny fanatanterahana ny lalana "intercommunales" isaky ny Distrika.
- Ahoana marina ny momba ny BIF na Birao Ifoton'ny Fananan-tany.

**Minisitera miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana**

- Efa lany ny "politique nationale de développement des infrastructures et équipements" sy ny «politique nationale de développement urbain»; azo atao ve ny mampahafantatra bebe kokoa azy ireo?
- Azo atao eny Laniera Atsinanana ve ny tetikasa Tanamasoandro izay saika hatao eny Ambohitrimanjaka?
- Azo atao ve ny manangana trano maromaro ipetrahan'ny olona any Sambava satria raha tsy misy an'izany tsy ho lasa "nouvelle ville" any an-toerana.
- Ahoana ny mikasika ny «bassin versant» ao Ambatomirahavavy, Distrikan'Arivonimamo, fa efa misy olona manana «titre» hafa misoratra aminy.
- Azo atao ho «quartiers industriels» na «nouvelle ville industrielle» ve any Fianarantsoa satria tsy ampy ny asa any an-toerana?
- Ahoana ny momba ny "le beau village de Maevatanana"?
- Manao ahoana ny «vulgarisation» ataon'ny PNDU any Vangaindrano.

Talohan'ny hamalian'ny Minisitra tsirairay ny fanontaniana avy tamin'ny Solombavambahoaka dia mbola nanamafy, Andriamatoa Filoha, fa sady mamaly ny fanontaniana vao napetraka teo izy ireo no mamaly ihany koa izay tsy voavaly tamin'ny Talata faha-26 Mey 2020.

Toy izao ny valim-panontaniana avy amin'ny Minisitera telo nanao tatitra:

**Andriamatoa ZASY Angelo, Minisitra Lefitra miandraikitra ny Tanàna vaovao sy ny Toera-ponenana** no nitondra ny valim-panontaniana voalohany.
Fisaorana ny rehetra nametraka fanontaniana sy nanome sosokevitra amin'ny zavatra tokony hatao amin'ity Minisitera ity no nanombohany ny fitenenana.

Raha ny momba ny «nouvelle ville» ao Fianarantsoa, efa nihaona tamin'Andriamatoa Solombavambahoaka ny tenako ary efa nisy «études» natao, ka mety ho tsy tafiditra amin'izany ny tanànan'i Fianarantsoa. Amin'ny hoe mety ho «quartiers industriels» na «nouvelle ville industrielle» i Fianarantsoa satria tsy ampy ny asa any; «approche Ministérielle» no tokony hataontsika any satria ao ny «nouvelle ville», ao ny «nouveaux quartiers», ao ny «nouvelle industrielle» izay tsy maintsy miara-miasa amin'ny Minisiteran'ny Indostria sy amin'ny Minisiteran'ny «Environnement et Développement Durable» satria tsy maintsy maharitra ny tetikasa atao.

Momba ny «agribusiness» ohatry ny noresahina teo dia tsy maintsy miara-miasa amin'ny Minisiteran'ny fambolena isika.

Mikasika ny satan'ny "Analogh" sy jiro amin'ny «projet» ataony; mbola horesahana miaraka amin'ny Tale Jeneralin'ny "Analogh" izay satria misy «transformateur» novidiany ao. Afaka resahina amin'ny antsipirihany miaraka amin'ny Tale Jeneraliny ny "contrat privé" natao tao.

Mikasika ny «vulgarisation de PNDU» any Vangaindrano; mety horesahana miaraka amin'ny «Direction Générale de l'Aménagement du Territoire» koa izay satria nisy «documents» efa nataon'ny ekipa tamin'ny taona 2019.

Efa niresaka momba ny «développement» tokony hatao any Vohémar isika; maro ny «potentielles» any Vohémar. Misy «port» sy «la vanille» any. Noho izany mila «bassin d’emploi» koa. Tsy maintsy manao «projet» any isika saingy mila mandinika tsara. Asa na hanamboatra «zone agro-industrielle» na «zone commerciale» na tanàna vaovao.

Mikasika ny «le beau village de Maevatanana», efa noresahana ny «projet» mety hataon’ny SEIMAD. Ny «approche générale» momba ny «habitat», na ho aiza na ho aiza, tsy maintsy «sécurisé» tsara aloha ny resaka «foncier». Raha tsy misy «foncier» mazava tsara araka ny lalàna, na «projet résidentiel» io na «nouvelle ville» dia tsy afaka manao na inona na inona isika. Raha nahita «foncier» ny Solombavambahoaka avy any dia hiresaka amin’ny SEIMAD isika; hanao «études de faisabilité» ary aorian’izay, hanao «projet» ho an’i Maevatanana.

Betsaka ny «projets» hatao any Toamasina; ao MIAMI, ny «extension du port», ny «projet Analogh», ny «projet SEIMAD». Raha te-hampihetsika an’i Toamasina dia izay «extension» izay no hatao. Ny olana mikasika ny «extension» ao Toamasina dia ny toerana satria efa nozahana, efa nanao «études» mikasika izany izahay, fa ohatran’ny efa betsaka ny «titre», misy tany efa «borné». Izany hoe, mety ho sarotra ny hifampiraharaha amin’ny tompon-tany. Tsy maintsy atao ny «extension» ao Toamasina satria efa hita ny «potentiel» any. Izany hoe, ny «potentiel de la capitale économique» ho antsika.

Mikasika ny fanaovana “projet”, rehefa hanao an’izany izahay dia tsy maintsy manao «étude d’impact environnemental» sy teknika na sosialy. Hatao izany raha misy «projet» goavana be any amin’ny toerana voalaza satria raha tsy manao izany isika, tsy mahazo «autorisation» dia lasa mandany vola fotsiny isika.

Malalaka ny tany any Arivonimamo, ka hanao «étude» izahay satria mety ho «candidat potentiel» mihitsy io toerana io mba hanaovana «extension urbaine d’Antananarivo».

Olona avy any Antsiranana aho fa Minisitr’i Madagasikara ary ny renivohitsika dia Antananarivo; hitantsika ny lanjan’ny renivohitsika ka mila ampiantsika ny lanjan’ny «publicité» ho an’Antananarivo. Ny 40%-n’ny «publicité» dia an’Antananarivo daholo. Ny anjarantsika dia manampy ny «poids», ny «activités»-n’ny renivohitsika. Izay no tsy maintsy atao, fa izahay tsy miteny hoe: tsy afaka hanao zavatra hafa na «projet» hafa any amin’ny toerana hafa. Ny laharampahamehantsika dia ny «capitale». Resaka «gouvernance» no olana eo amintsika. Noho izany, “approche Minisitérielle no hatao ary tsy maintsy atao ny «projet» Tanamasoandro, fa ny toerana no mbola tadiavina. Mbola hanao «projet» any Fort-Dauphin, na Mahajanga, na Antsiranana na Toamasina isika.

Momba ny «projet building»; hisy eto Antananarivo, hisy any Toamasina, any Mahajanga efa nanao ny «projet» Trano Mora isika. Efa nitady toerana hanaovana “building” izahay, fa tsy eto Antananarivo ihany no hanaovantsika an’izay «projet» izay. Noho izany, tsy Antananarivo ihany no «priorité» amin’ny resaka trano sy “quartier” vaovao. Hisy toerana koa mety hanaovantsika azy.

Momba ny “302 logements”; hojerena ny toerana hanaovantsika azy sady ny tetibolan’io, mety tena ho volabe.

Mikasika an'Antsiranana, raha azo atao, afaka manao «projet» maro ao an-toerana aho kanefa araka ny nolaizaiko teo, izaho tsy Minisitr'Antsiranana irery, fa Minisitr'i Madagasikara ary tsy maintsy manao «projet» ho an'i Madagasikara iray manontolo. Araka ny voalaza, izaho tsy Ben'ny Tanànan'ny «Commune Urbaine» rehetra; any Antsiranana misy Ben'ny Tanàna, izy no nofidian'ny vahoaka. Anjarany noho izany no mitady vahaolana hanamboarana ny lalana rehetra ao aminy, fa tsy ny Minisitra ihany no handeha hanamboatra izany na handrasana amin'izany. Izaho tsy hoe tsy vonona ny hanampy azy, fa hanampy azy aho. Izy no tsy maintsy mamorona ny «projet», fa ny Minisitra tsirairay kosa manampy azy, na avy any Antsiranana na avy any Toamasina. Tokony ho izay no fomba fiasa.

Mikasika ny zavatra any Sambava, hataontsika izany.

Momba an'Ambanja, hezahana ny «projet»-n'Andriamatoa Solombavambahoaka momba ny «nouveau quartier». Tsy maintsy miara-miasa isika sy Ben'ny Tanànan'Ambanja amin'izay zavatra izay. Hotadiavina ny toerana hanaovana an'izay «nouveau quartier» any Ambanja izay.

Mikasika ny any Ambovombe, tsy adinoko ny «projet de logement» satria izay no tena asako. Ny tenako «Ministre de l'Habitat» dia tsy maintsy manao «projet de logement». Mila mitady toerana isika hanamboarana an'ireo «projet de l'habitat, de logement» sy ny «projet quartier» ary ny «projet nouvelles villes».

Ho an'i Port-bergé; hezahantsika ny fiaraha-miasa tokony hatao. Rehefa hitanareo ny tany 1 500ha, toerana hanaovaona «gare routière» dia handefasana teknisiana ianareo.

Raha momba an'i Befotaka indray, hojerena ny momba ny «projet d'équipement» voalaza teo. Hitohy ny resantsika momba ny zavatra mety hatao any an-toerana.

Raha mbola misy fanontaniana momba ny «nouvelle ville» sy ny «habitat», aza misalasala ianareo Solombavambahoaka fa hojerena izay azo atao. Misy ny filana any amin'ny Faritra sy Distrika rehetra saingy avy aminareo ihany izay, ka tokony hiara-hiasa isika. Hojerena ny toerana mety hanaovana ny «projet» aorian'izay. Rehefa fantatra ny toerana, hiara-hiasa miaraka amin'ny Minisitera hafa na ny «organisme rattaché» amin'izany isika; ohatra, ny UBM. Ny SEIMAD ihany koa dia hanaovana «étude de faisabilité» hanatanterahana ny asa. Izay angamba no «méthodologie» hampiasaina.

Isaorana ny Solombavambahoaka avy any amin'ny Faritra misy amintsika, DIANA sy SAVA. Aza hadinoinareo fa tany Antsiranana no fidinana ifotony voalohany nataoko. Avy any ny tenako no sady Minisitr'i Madagasikara araka. Tsy hadinoko ianareo Antsiranana ary hiresaka amin'ny Talen'ny orinasa SEIMAD aho satria manana tany maro azo anaovana zavatra maro any sady mba tsy ho afabaraka isika.

Misaotra antsika rehetra naharitra nihaino ny valim-panontaniana niantefa taminay.

Taorian'izay, ny Minisitry ny Fitaterana sy ny Fizahantany ary ny Famantarana ny Toetr'andro no nandray fitenenana.

**Andriamatoa RANDRIAMANDRANTO Joël, Minisitry ny Fitaterana sy ny Fizahantany ary ny Famantarana ny Toetr'andro**

Misaotra antsika Solombavambahoaka nifampizara taminay ny hetaheta no voalohan-teny. Tao koa ny toromarika nifampizaranareo taminay, indrindra ny fisaorana sy fankasitrahana tamin'ny asa efa vitanay. Mamelà anay raha toa hakambana ny hetahetanareo satria saika mitovy ny ankamaroany mba tsy ho lava loatra.

Voalohany, betsaka ny Solombavambahoaka te-hanana toby fiantsonan'ny fiara. Miisa 16 no nangataka izany; tao ny Distrikan'i Manja, Ambondromamy, Manandriana, Fianarantsoa, Ambovombe, Mandritsara Soavinandriana, Fandriana, Imerintsiatosika, Taolagnaro, Port-Bergé, Farafagana, Vohipeno, Sambava, Antsiranana.

Araka ny fantatra, ny olana voalohany eto amin'ny firenentsika dia ny resaka tany. Noho izany, fiaraha-miasa no angatahana aminareo mba hahatanteraka izany. Mangataka anareo mba hijery toerana malalaka any aminareo tsirairay any; toerana azo antoka sy azo anorenana toby fiantsoanan'ny fiara. Ny Minisitera no handray anareo hijery izany toerana izany ary azo alamina tsara ny fotoana hanamboarana azy.

Momba ny "aire de repos", nisy ny atao hoe: "acquisition du terrain" izay hatao amin'ny taona 2021, saingy hotadiavina amin'ity taona ity ny tany hanaovana izany any amin'ny RN6 sy RN7. Ny RN7 dia efa misy an'Ambalamanakana, ka hampiana anankiray izany. Miisa 3 no tanjona ho an'ny "aire de répos"amin'iny RN7.
Voaray ny hetahetan'ny Distrikan'i Sakaraha; ny tsy fahitana tany no olana amin'izao fotoana izao. Noho izany, ampahafantaro ihany izahay rehefa mahita tany ianareo. Hanatona anareo izahay raha toa akaikin'i Sakaraha no hanaovana ny "aire de repos" faharoa amin'iny RN7 iny. Efa voafaritra ao anatin'ny fandaharan'asan'ny Minisitera ka ho hita eo.

Momba ny fanorenana "village de vacances" any Ampefy. Ny tany koa no olana tsy ahafahana manatanteraka izany amin'izao fotoana izao.

Mikasika ny famindrana ny toby fiantsonana eny amin'ny Fasan'ny Karana ho eny Ambohimanambola: efa nifandinika tamin'ny kaoperativa rehetra sy ny mpitatitra entana amin'ny hahazoana ny RN7 sy ny gara eny Ambohimanambola izahay. Rehefa nodinihana ny mikasika ny gara ao Ambohimanambola dia misy "risque" ihany satria tsy mbola vita tanteraka ny "étude environnementale". Ilaina anefa ny fahavitan'izany satria any amin'iny "rive" iny daholo no mandeha ny rano mankany Mandroseza. Ny rano avy ao Mandroseza anefa no mamatsy an'Antananarivo. Raha mankany Mandroseza ny loto rehetra avy amin'io toby fiantsonan'ny fiara io, ahiana hampidi-doza raha toaka tsy vita tsara ny fanadihadiana. Noho izany, miandry ny fanadihadiana isika vao afaka manokatra azy.

Mikasika ny fampidirana ao amin'ny CNaPS ireo mpamily fiara lehibe mpitatitra entana, ny "receveur" ary ny mpamily any amin'ny Faritra. Azo atao tsara izany satria efa namoaka "statut spécial" ho azy ireo ny CNaPS. Voaray ny hetahetanareo momba izany.

Mikasika ny ao Taolagnaro hoe: tsy voaara-maso ny mpanjono amin'iny fari-dranomasin'i Madagasikara iny. Tsara ho fantatra fa ny "Marine Nationale" dia tena mivezivezy amin'iny "littorale"-n'i Madagasikara iny, mijery ny zavatra rehetra ataon'ny sambo. Ny Minisiteran'ny Jono ihany no manome ny Fahazoan-dalana sy mijery ireo mpanjono rehetra

izay manjono amin'iny faritra iny. Voaray ny fangatahana, ka tsy hisalasala izahay ny hanatona ny Minisiteran'ny Jono hanontany ny momba ireo mpanjono ireo.

Momba ny hoe lafo be ny saran'ny fandehanana fiaramanidina. Tsara ho fantantsika fa ao anatin'ny saran'ny fiaramanidina, 50% na latsak'izay no saran'ny fandoavan'ny fiaramanidin'ny "compagnie aérienne" azy. Ny antsasany kosa, hetra eo ampahatongavana sy hetra alaina alohan'ny hiaingana. Maro izy ireo ary efa nojerena "poste par poste" mihitsy izay azo ampidinina azy. Rehefa nojerena dia misy "monopole" amin'ny vidin'ny solika eto Madagasikara, hany ka lafo izany, indrindra ny "kerogène". Efa mitady fomba hampidinana ny vidin'izany amin'izao fotoana izao. Izany hoe, mampihatra izay vidiny tiany ireo "compagnies" misy eto amintsika ireo satria tsy misy mpifaninana aminy. Ny tanjontsika dia ny fanalalahana tanteraka ny lanitr'i Madagasikara. Noho izany, hidina ho azy ny saran'ny fandehanan fiaramanidina any aoriana any.

Amin'ny hoe: fahasimban'ny fomba fijery an'i Madagasikara momba ny "tourisme sexuel". Raha ny marina, ady iombonan'ny rehetra izy io; ao ny fanjakana, ny manam-pahefana any amin'ny Faritra, ny ray aman-dreny. Miezaka manao "sensibilisation" manerana ny toerana fandraisam-bahiny mba tsy handray izany "tourisme sexuel" izany isika amin'izao fotoana izao. Betsaka ireo toerana fandraisam-bahiny no nanao sonia "engagement" kanefa mila miezaka koa isika. Ao anatin'ny fandaharanasanay mihitsy ny fizahantany miady amin'io fomba ratsy io. Efa misy "ligne" iray momba ny "renforcement de sensibilisation" satria mety hanimba ny endrik'i Madagasikara tokoa raha mitatra izany.

Momba ny "Aéroport" ao Antalaha, efa mandeha tsara izy amin'izao fotoana izao. Ny "Tween" ihany no afaka mipetraka any satria mbola tsy mahazaka ankoatran'izay ny "piste" any an-toerana. Efa ao anatin'ny fandaharan'asan'ny ADEMA ny fanamafisana io "piste d'atterissage" io. Rehefa vitany ny asa dia afaka mandray ATR na ankoatr'izay io "piste" io.

Mikasika ny hanaovana "amendement"-n'ny "Code de la Route"; efa natao izany ary nisy ny lalàna laharana faha-2017-002 tamin'ny 6 Jolay 2017 «portant sur le nouveau code de la route» izay manamafy sy manatsara ny «Code de la Route» eto amintsika. Ny fampiharana azy no andrasana ahafahana mampiasa an'io lalàna vaovao io. Hoentina amin'ny Filankevitry ny Minisitra ny «décret» mba hahafaingana ny fampiharana azy.

Momba ny "taxi-brousse" mandeha any Mahanoro, Sambava, Antalaha izay manao taingim-be; hampandrenesina ny tomponandraikitra satria misy lalàna mifehy ny fitaterana araka ny voalaza teo. Ferana ny isan'ny olona azo entina, ny entana azo entina ary misy "cahier de charge" mazava soniavin'ny kaoperativa rehetra. Misy ny tsy manaja an'io "cahier de charge" io, koa hamafisina ny fanaraha-maso ny fitaterana manerana an'i Madagasikara. Iarahana amin'ny FDS ny fanaovana izany.

Mikasika ny "bajaj" any Vohemar sy Sambava; tsapa fa manao ny ataony izy ireo. Tsy amin'ireo toerana ireo ihany, fa amin'ny toerana misy azy ireo eto Madagasikara. Raha ny tokony ho izy, tsy afaka manao fitaterana izy ireny raha tsy an-tanàn-dehibe ihany, toy ny "taxi". Eo ampanatanterahana ny "texte" momba izany izahay amin'izao fotoana izao. Alohan'ny hivoahan'izany, azo atao ny manatona ny "autorité locale" amin'ny toerana misy "bajaj" izay minia tsy manara-dalàna. "Arrêté" ihany no azon'ny "autorité locale" avoaka satria izy irery no mahafantatra ny toerana iasany sy alehan'ny "bajaj"; ny azony atao sy ny

tsy azony atao. Noho izany, miantso ny tomponandraikitra miaraka amin’ny ATT mba hitadiavana fomba amoahana izany “arrêté” izany.

Momba ny “règlement de compensation” ho an’ny mpitatitra, tokony tamin’ny taona 2017 no nandoavana azy, vao iray volana izay no nalamina ny mikasika an’iny. Matoa no tsy nahazo dia tsy ara-dalàna ny taratasiny. Noho izany, iangaviana izay tsy nahazo mba hanatona ny ATT mba ahafantarany ny antony tsy nahazoany, fa izay lisitra nalefa tokony hisitraka an’izany “compensation” izany.

Mikasika ny fisokafan’ny fiaramanidina sy ny “plan de relance”-n’i Madagasikara amin’ny fizahantany: ny fisokafan’ny zotra fiaramanidina dia tsy miankina amin’ny Minisitera, fa miankina amin’ny toe-draharahan’ny fahasalamana. Raha mihombo ny valan’aretina “Covid-19” ary sanatrian’ny vava mitombo ny isan’ny maty; na hisokatra aza isika, tsy ho tonga eto ny mpizahan-tany. Tsy tokony hiandry ela anefa ny fisokan’ny lanitra amin’ny “relance” sy izay tokony hatao. Efa miomana amin’ny “protocole sanitaire” rehetra isika raha ny mpizahan-tany tonga eto an-toerana no resahana. Ohatra, raha vao tonga eny amin’ny seranam-piaramanidina ny olona; raha “transfert” ianao, miala amin’ny hotely mankany amin’ny toerana misy anao dia misy “protocole sanitaire “ tsy maintsy apetraka. Miditra anatin’ny hotely ianao, misy “protocol sanitaire” tsy maintsy ananany. Raha tsy manao an’izany isika, tsy hisy mpizahatany ho tonga mihitsy eto amintsika. Ny Malagasy handeha any ivelany koa tsy maintsy manaraka ny “protocole sanitaire” apetrak’ireo firenena any ivelany ireo raha hiditra ny tanànany. Raha misy marary tampoka ao amin’ny toerana alehanao, inona no “protocole sanitaire” horaisinao. Tsy maintsy manao an’izany ny fanjakana sy ny Minisitera miaraka amin’ireo mpandraharaha rehetra amin’ny sehatra tsy miankina. Ankoatran’izay, efa manana paikady isika mikasika ny hanokafana an’i Madagasikara raha vao misokatra ny lanitra. Ny “expert” dia milaza fa na misokatra aza ny lanitra, ao anatin’ny herin-taona raha aloha indrindra vao miverina alohan’ny “crise sanitaire” isika. Hiaraka amin’ny mpandraharaha isika ary afaka tapabolana dia hivoaka ny “site de l’offre promotionnel” eto Madagasikara. Hita anatin’io “site” io daholo ny “établissement” rehetra na “parc national” na toerana fisakafoanana na toerana fandraisam-bahiny sns… Izany hoe, raha any Mananjary ianao ka te-hiditra toeram-pisakafoanana, hitanao amin’io “site” io ny toeram-pisakafoanana manao ny “offre promotionnel”. Ny tanjona dia mba hitaomana ny Malagasy sy ireo vahiny eto Madagasikara hanjifa “produit touristique”. Noho izany, hivoaka ny “plan de développement économique” hanampiana ireo mpandraharaha mba hanohizany ny asany. Amin’ny sehatra iraisam-pirenena koa, efa manao izany isika ary efa manomana sahady ny “campagne en ligne”. Marihana fa tsy hiandry fotsiny isika, fa miara-miasa amin’izany “relance de la destination” izany.

Momba ny seranan-tsambo any Antalaha; betsaka ny vokatra lavanila any an-toerana, fa sarotra ny famoahana azy. Efa nalefa ny “étude avant projet” tamin’ity taona ity mikasika “rehabilitation”-n’ny seranan-tsambon’Antalaha io.
Rehefa vita izay fanadihadihana izay, mety tsy ho amin’ity taona ity, fa amin’ny taona ho avy dia hanomboka ny “travaux de réhabilitation”-n’io seranan-tsambo io. Ao anatin’izay koa i Vohemar.

Mikasika ny fiaran-dalamby hoe: ahoana ny fisokafan’ny zotra Toamasina-Antananarivo satria mijaly ny mpampiasa ny RN2. Efa nosoniavin’ny “partenariat” niaraka tamin’ny “China Railways” izany, fa hisy fanamboarana lalamby mirefy 250km. Ny fikojakojana ny zotran-

dalamby no olona. Matetika, misy tetezana tsy mahazaka ireo “wagon” mpitondra entana. Efa mikarakara izany ny orinasa MADARAIL. Raha vao vita ny fanamboarana ny lalamby 200km amin’iny “axe” iny satria ny 50km any amin’ny “axe” Fianarantsoa-Manakara dia azo ampiasaina tsara ny zotran-dalamby.

Mikasika ny lakan-drano ao Pangalana hoe, nisy “transbordement” natao tamin’ny fandehanana tamin’io lakan-drano io. Izay indrindra no mahatonga anay niteny hoe nisy “phase” voalohany nandalo teo. Tamin’izany mbola avo be ny rano. Nanalana ihany izany rehefa nidina ny rano saingy tsy tratra ny 1,50m fidinan’ny rano. Ao anatin’ny fandaharan’asa mihitsy ny fisian’ny “2$^{eme}$ phase”. Efa nanomboka nanalana ny rano mba hanenjehana ny 1,50m satria ny tanjona dia izay 1,50m izay.
Mikasika ny tsy fahatongavan’ny asa any Farafangana; misy “phase” izy io. Tamin’ny herin-taona dia natao ny an’i Toamasina sy Mananjary. Amin’izao fotoana izao, manomboka ny an’i Mananjary-Manakara ary hofaranana any Manakara-Farafangana. Ao anatin’ny tetikasa, Manakara hatrany Farafangana mihitsy no “draguer”-na, efa eo ampanatanterahana azy isika amin’izao fotoana izao.

Ahoana ny fisokafan’ny seranam-piaramanidina ao Farafangana, miaraka amin’ny ACM izay ary efa vonona ny fanokafana azy. Tsy misy olana ny manokatra ny “piste”, fa ny ADEMA na ny ACM na ianareo any amin’ny Faritra, izay vonona hanokatra izany dia misokatra, fa ny olana dia ny fahitana ny “compagnie aérienne” hanao ny sidina. Tokony hifanome tànana isika momba ny “potentialité” ary amin’izay fotoana izay isika, afaka mifampiresaka amin’ny “compagnie aérienne”. Raha resy lahatra izy, afaka manokatra moramora ny sidina any amin’ny Faritra.
Izany efa natao tany Mananjary sy Fianarantsoa ary Ambatondrazaka sady azo atao any amin’ny Faritra hafa ihany. Mino izahay, fa raha miara-miasa isika, mety hahavita zavatra satria izahay mila anareo, indrindra amin’ny fitadiavana “partenaire” hanao fampandrosoana any amin’ny Faritra misy antsika.

Mikasika ny fiara fitaterana miainga isan’andro avy any Toamasina manketo Antananarivo. Sarotra ny hanatanterahana izany saingy handresy lahatra an’Andriamatoa Praiminisitra ihany izahay. Mety tsy hanaiky izy amin’ny zava-mitranga amin’izao fotoana izao. Raha misy “évacuation sanitaire” na “urgence”, misy ny fahazoan-dalana manokana azo atao amin’izany tranga manokana izany. Tsy afaka mandainga aminareo amin’ny hisokafany isan’andro ny tenako satria sarotra ny handresy lahatra azy amin’izany manoloana ny zava-mitranga any Toamasina amin’izao fotoana izao.

Resaka mikasika ny seranan-tsambo ao Nosy Mena any Miandrivazo. Tsara ny seranan-tsambo any an-toerana, fa ny tsy fisian’ny rano no olana. Hiarahana miasa amin’ny Minisiteran’ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono ny fanaovana izany; ao koa ny Minisiteran’ny ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy, mba hanao “devis” hahatongavan’ny rano amin’iny toerana iny.

Mikasika ny “bac” ao Sainte-Marie sy Soanierana Ivongo. Anisan’ny programa efa natomboka iny, fa ny “brise lame” ao Soanierana Ivongo no natao voalohany satria ao no mifanena ny ranomamy sy ny ranomasina ary saika itrangan’ny loza rehetra eo raha miainga ao Sonierana Ivongo mankany Sainte-Marie. Ezahana hotohizana amin’ny taona ity izany, ka rehefa vita ny asa, hilamina ny fandalovana amin’iny fari-dramomasina iny. Natao

vaindohan-draharaha ny “brise lame” ary tsy maintsy misy “queue” ao, misy “voie d’accès”, misy “super structure” hanaovana “complexe portiaire” ihany koa. Efa natomboka tamin’ny herin-taona izany ary hotohizana amin’ity taona ity.

Mikasika ny ao Betafo hoe: misy «site touristique» azo trandrahana. Marihana fa ny Faritra rehetra dia manana «Office Régional du Tourisme». Ny asa sahaniny voalohany dia hanao «promotion»-n’ny Faritra misy azy. Ny birao ao Vakinakaratra no tokony hiara-hiasa amin’ny fanaovana «valorisation» momba io «route des indigènes» io. Araka izany, miankina amin’ny Minisiteran’ny Fizahantany izay, ka hampitaina aminy.

Momba ny “bac” ao Bevoay mampitohy an’i Morombe; ny Minisiteran’ny “Aménagement” no miandraikitra izany. Afaka miara-miasa isika, toy ny tamin’ny “bac” sasany mba ahafahana mampandeha tsara azy.

Raha iverenana ny «village de vacances» any Ampefy, resaka tany no olana kanefa ao anatin’ny «développement du tourisme national» mihitsy izany. Ahitana «club touristique” ao anatiny, ao koa ny fampiantranoana sy ny toerana fisakafoanana sns... Raha ny marina, natao «site pilote» Ampefy tamin’ny voalohany. Noho ny olana tsy fisian’ny tany dia nitady «partenaire» amin’io «village de vacances» izahay. Efa nahita mpandraharaha hitazona ny hetsika fitadiavana rehetra hatao any an-toerana izahay. Nisy olona tamin’ny tompon’ny tany satria rehefa vita ny fifanarahana dia niova hevitra indray izy. Noho izany, niala ny mpandraharaha. Ankoatran’izay, sakana ho an’ny mpandraharaha koa ny mpanao politika tamin’ny andro fahiny, izay no tsy nahavonona ny mpandraharaha sasany. Amin’izao fotoana izao, misy fifampiraharahana amin’ny Minisiteran’ny Vola sy ny Fitantanam-bola izay manana tany any Ampefy, ka ho hita eon y vokatry ny fifampiresahana. «Site pilote» no hatao ary ny «site» faharoa dia hatao any Mahajanga. Efa misy ekipanay any an-toerana manao «réconnaissance»-n’ny tany hanaovana “village de vacances” mitovy amin’ny any Ampefy.

Ny seranam-piaramanidina ao Port Bergé sy Befotaka: tokony ho afaka miresaka amin’ny ACM sy ny ADEMA ary manatona anay koa ianareo. Hatao ny resaka teknika mba ahafahana manatanteraka ireo seranam-piaramanidina ireo.

Mikasika ny seranan-tsambon’i Marovoay izay tratran’ny tondra-drano hoe ilana fanamboarana. Ny DGRP miaraka amiko eto dia niteny fa hanomboka ny fanadihadiana amin’ity taona ity. Ny fanamboarana kosa, ny APMF no hanatanteraka azy. Miankina amin’ny “budget” izy io, ka antenaina, fa ho vita amin’ny taona 2021.

Nisy nilaza fa tsy hita ny Talem-paritra any Itasy. Natambatra ny Talem-paritra Itasy sy Bongolava mba hanaovana ekonomia. Jerena ny Faritra azo atambatra ary betsaka izany ary anisan’izany Itasy sy Bongolava.
Ny vaha olana azo atao dia ny fametrahana “antenne” any Ampefy sy Analavory ho an’ny “Direction Régionale” mba ahafahana hisolotena azy amin’ireo toerana roa ireo.

Izay no valin’ny fanontaniana rehetra napetraka tamin’ny Minisiteranay; koa misaotra anareo naharitra hatramin’ny farany.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitra tamin'ny valin-teny nataony, Andriamatoa Filoha dia nomeny ny Minisitra manaraka ny fitenenana hamaliany ny fanontaniana tandrify azy.

**Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy**
Maromaro ireo fanontaniana ka hatambambatra ny famaliana ny fanontaniana rehetra raha mety amintsika.

Isaorana anareo amin'ny hetaheta sy toromarika navoakareo teo, fa anjaranay no manantanteraka izany. Manampy izany, hezahanay koa ny hampifanaraka izany amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana sy ny vina napetraky ny Filohan'ny Repoblika.

Fanamarihana voalohany, mikasika ny tetibola, tafiditra ao anatin'izany ny fanamboarana ny tanàn-dehibe sy ny trano fonenana ary ny tanàna vaovao, misy ny Minisitra Lefitra teo. Izany hoe, tetibolanay mirahalahy iny, fa tsy tetibolan'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy irery.

Raha jerena, ny voalaza ao anatin'iny boky dia 37 499 Miliara Ariary no "engagé" androany ary 61 Miliara Ariary no "en cours d'engagement" angatahana ny fankatoavan'Andriamatoa Filoha sy Andriamatoa Praiminitra.
Ao anatin'ny fanomanana ny tetibola nasiam-panintsiana isika izao. Tsy afaka mamorona isika, fa ny ambin'ny vola tavela dia mitentina eo amin'ny 9 Miliara Ariary eo. Amin'izay vola izay, misy ny TVA, eo amin'ny 5 Miliara Ariary eo ary ny fandraisantsika anjara amin'ny tetikasa mandeha eran'i Madagasikara miaraka amin'ny mpamatsy vola izay tsy maintsy aloa satria mbola misy "quote part" aloantsika mitentina 25 Miliara Ariary eo ho eo.
Raha raisina ny tetikasa voafaritra, misy vola latsaka izay mitentina 121,400 Miliara Ariary amin'ny tetibola amin'ity taona ity; tsy mikasika ny tetibola tsy nasiam-panitsiana tamin'ny 2020 izay vola izay.

Araka ny soratra eo ambony, midika fa tsy voasoratra ao daholo ny tetikasa fa mbola ao anatin'ny fikarakarana azy sy fanaovana tolo-bidy. Rehefa vita izay dia mangataka fankatoavana any amin'ny Minisiteran'ny Tetibola na any amin'Andriamatoa Filohampirenena na Andriamatoa Praiminisitra. Tsy tokony hahagaga, fa betsaka ny nangataka kanefa mbola tsy ao ny azy. Averina ihany, fa "bilan de réalisation" no atao. Izany hoe zavatra tsy mbola vita, fa ny zavatra tsy natao mbola tsy misasaka ny taona dia tsy volaza ao. Noho izany, tsy afaka nosoratana tato satria ny tatitra efa vita no nangatahana taminay.

Azoko tsara ny ahiahinareo satria ao ny tetikasa avy eo tsy ao indray. Tao marina izy ireny, fa mbola eo ampanaovana azy isika. Azonareo arahina amin'ny tranokalan'ny Minisitera na eo anivon'ny sampandraharaha tsirairay izay manatanteraka ny asa izany.

Mamelà anay ianareo mba hanao tatitra mikasika ny fanamboaran-dalana amin'ny ankapobeny.
Efa voalaza teo ny fangatahana rehetra momba ny tsy fahampian'ny vola. Marina tokoa, fa raha tiana hivoatra ity firenena ity dia tsy maintsy mitady vola isika.
Raha te-handroso isika dia mila ampitomboina ny "taux d'endettement". Izany hoe, mila mitrosa bebe kokoa isika raha toa tiana hiova ny firenentsika. Tsy hifamitaka isika ary tsy hanao «demagogie» no ahatongavana eto, fa raha ny vola eo an-tànantsika, raha ny fidiram-

bolan'ny Fanjakana Malagasy ihany dia tsy afaka hanao lalana manerana an'i Madagasikara isika. Mino izahay, fa efa nijery ny «recette» ianareo, hitanareo ao amin'iny ny fidirambolan'ny Fanjakana Malagasy. Manao ahoana koa ny fandaniana amin'izao fotoana izao. Araka ny voalaza, raha ny mora indrindra amin'ny fanamboarana lalana tsotra, mitentina eo amin'ny 500 000 Dolara eo izany.

Ny lalan'i Bemarivo voalaza teo, voaray ny mikasika an'izay sy ny tetezana any Sambava. Voaray fa ho jerena hoe ahoana no ahafahana manao an'izay. Raha ampy ny enti-manana na mifanatona aminareo izahay hijery izay azo ifanampiana.

Ny RN14, marina ny voalazan'ny Solombavambahoakan'Ikongo teo ary isika mirahalahy efa niara-nandeha tamin'iny, efa misy ampahany hamonoana ny "point noir" amin'ity "budget" ity. Efa nidina any ny mpiara-miasa, fa ny fanamarihana natao teo dia mitombina tokoa hoe: mila manapakevitra amin'izay tokony hatao sy laharam-pahamehana isika. Tokony hasiana "chantiers" manerana an'i Madagasikara. Efa misimisy ihany ny "chantiers" amin'izao fotoana izao na eo aza ny hamehana ara-pahasalamana.

Anisan'ny napetraka ao amin'ny "plan de relance multisectoriel» izay hovolavolain'ny fanjakana ny fampiasana ny tetikasa HIMO. Famoronan'asa sy mamorona asa, indrindra ny fanaovana lalana sy ny fanaovana tao-trano. Efa mandinika an'izany miaraka amin'ny BIT izahay satria tsy olana mianjady amintsika eto Madagasikara ihany io, fa olana eran'izao tontolo izao, indrindra atỳ Afrika.

Mikasika ny fanaovana "pavé", mamorona asa koa izy io kanefa misy zavatra roa tsy maintsy tandremana. Misy toerana tsy azo anaovana "pavé" mihitsy satria tsy misy vato. Misy toerana fady anapoahana vato.
Misy toerana afaka manao azy tsara ary malalaka. Ezahana izay ary ny Governoram-paritra aza efa miara-miasa amin'ny Minisitera sy ny rantsa-mangaikanay any aminy manenjika ny fepetra napetrak'Andriamatoa Filoha hoe: hatao faran'izay lava ireo lalana "pavé" eto Madagasikara. Efa misy vinavinan'ny Minisitera sy ny tetibola araka ny toromarika napetraky ny Filohampirenena hoe: misy tetibola voavinavina isaky ny "chef lieu de District" rehetra hanaovana tetikasa. Tsy vitan'ny "budget" indray mandeha izany, fa nalefa isan-tsokajiny. Misy Distrika maromaro efa voafaritra tao anatin'ity tetibola 2020 ity, ny Distrika hafa hezahana amin'ny manaraka. Ohatra, hisy fanamboaran-dalana ao an-tampon-tanànan'i Soalala, any Ampanihy vao avy nanaovana "visite de lieu" ny "dépouillement"; misy maromaro hafa koa. Entina ilazana amintsika, fa tena miezaka ny fanjakana fa tsy sanatria akory manao tany lavitra andriana; sarotra izany mandeha any Soalala izany, sarotra izany mandeha any Ampanihy izany, sarotra izany mandeha any Bealanana izany. Miezaka ny fanjakana hanao asa any an-tampon-tanànan'ny Distrika rehetra any ary mbola ho avy ny an'ny sasany satria efa manao «programation» amin'izany ny Minisitera.

Ny momba ny «terrains domaniaux» ao Port Bergé, mazava ny «decision»-n'ny fitsarana; misy ny fanaovana lalàna mikasika ny «terrains coloniaux». Ho an'izay Solombavambahoaka efa teto dia mahafantatra tsara fa efa nandalo teto izany saingy tavela ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Nezahana niaraka tamin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, fa tokony hisy lalàna manokana rehefa voaray daholo ny toromarika avy amin'ny HCC momba ny tanin'ny voanjo teo aloha hoe: ahoana no hamerenana azy amin'ny Malagasy satria vita «titre» ireo tany ireo. Tsy maintsy lalàna koa no amafana azy satria voafehin'ny lalàna isika

hoe: «proprieté privé inaléanable». Voalazan'ny Lalàmpanorenana izany ka tsy maintsy lalàna koa no afaka mamaha azy. Izay lalàna izay no hoentina eto amintsika satria efa teny anivon'ny HCC izy io kanefa niaraka tamin'ny lalàna hafa dia tsy nety ny HCC; tsy maintsy averina eto amin'ny Antenimierampirenena indray ny fandinihana azy.

Momba ny «bac» any Marovoay, hisy orinasa hidina any hampidina azy. Tafiditra ao amin'ny fanamboarana ny lalana sy ny «bac» amin'ity programa taoana 2020 ity izany. Araka ny voalaza teo, lava be izy ato, fa azo jerenareo amin'ireto mpiara-miasa aminay ireto ny an'ny Distrika rehetra hoe: inona avy ny asa tokony hatao amin'ny lalam-pirenena sy ny «bac» any amintsika tsirairay any.

Voaray ny fangatahana fanamboaran-dalana any Mangatany-Ampahimanga mivoaka ao Amboanana.

Rehefa misy Solombavambahoaka miantso ahy, ka tsy voaraiko amin'iny, tsy maintsy miverina miantso aho na ao anaty fivoriana aza; sao nisolo laharan-tarobia ianareo, ka ialana tsiny raha tsy voaray.

Momba an'i Vohipeno, voaray ny fanamarihana avy any amin'ny Solombavambahoaka; tetibola tamin'ny taona lasa iny fa efa vita ny tolo-bidy; miandry ny hidinan'ny orinasa any hanomboka ny asa hanamboatra iny lalana mankany Matatana iny.

Andapa, mikasika ny "apport bénéficiaire": raha ny vaovao azonay, averina any amin'ny Kaominina izany satria ny fetra farany tokony hanateranareo ny antontan-taratasin'ny "appel d'offre" dia tamin'ny 6 Jona 2019, tamin'izay no daty farany. Tsy tongan'ny Kaominina tany mihitsy ny DAO, mazava ho azy fa tsy afaka natao ny tolo-bidy, tsy feno ny "dossier" dia averina any amin'ny Kaominina ny vola "apport bénéficiaire" nomeny satria tsy nahafeno fepetra izy.

Mikasika ny lalana amin'ny "Commune Urbaine"; voaray ireny, fa hojerena ny fahafana manatanteraka azy.

Momba ny BIF, mitsahatra tanteraka ny fanokafana izany. Ny olana dia ny PLOF na ny "Plan Local des Fonciers" izay tsy mazava mihitsy satria ireo mpiara-miombon'antoka manao azy, ny an'ny sasany mampiasa "orthophoto" na "photo de haute définition". Izany hoe, sary azo avy amin'ny "satellite", ny sasany mampiasa "google", ny sasany mampiasa izay sarisary hitany eny, ka ireny no amaritany ny tanin'ny olona. Miteraka olana izay satria mety mifanindry ireo sarin'ny karatany ireo dia miandry ny fanjakana aloha hoe: aleo hanana saritany faran'izay raitra isika ary efa nanaiky an'izay ny mpamatsy vola. Hatomboka amin'ity volana ity ny tolo-bidy satria efa nifanaraka tamin'izany izahay. Lafolafo ihany izy any satria tena mahatratra hatrany amin'ny "10 Millions de Dollars" no ividianana saritanin'i Madagasikara. Tamin'ny taona 1949 isika no nanana saritany farany dia izao indray vao hanana saritany vaovaon'i Madagasikara. Ilaintsika rehetra izany ary hipetraka ho fananan'ny FTM na ny "autorité cartographique de Madagascar" ary hampiasaina hanatanterarahana ny "PLOF" tena izy ary izay no ahafahana manova sy manomboka ny programam-panjakana napetraky ny Filohampirenena hoe: "dématérialisation" ny "service foncier". Efa nisy nanombohana izany tany Antsimondrano. Izany hoe, efa misy fizarana "situation juridique" sy "plan" tsy mandalo mpanera intsony, fa tonga dia mandeha eo ary

mandoa vola amin'ny fandoavam-bola. Efa misy "distributeur" mandeha "automatique" ka eo amin'ny dimy minitra eo dia vita ary mahazo ny "situation juridique" sy ny "plan" isika. Volan'ny Minisitera no nanaovna izay tetikasa izay ary ny mpiasa tao no namolavola azy. Ezahana hitarina eran'i Madagasikara izany. Mba ahafahana manatanteraka azy, tsy maintsy manana "plan" mazava isika ary tsy mila boky rovitra, fa "titre" tena milamina tsara. Ny fanirian'ny Minisitera dia hisy "guichet" ohatran'izay daholo; telo na efatra amin'ity taona ity araka ny toe-bola eo am-pelan-tànana, hatsangana ao anatin'ny salasalan'ezaka. Tokony hanana an'io daholo ny "guichet foncier", indrindra ny tanàn-dehibe saingy miankina amin'ny toe-bola koa.

Voaray ny fanamarihana tamin'ny "bassin versant" ao Ambatomirahavavy; rehefa midina any dia hanao "constatation" ny mpiara-miasa aminay.

Mikasika ny "titre", resaka "découpage administratif" no mahatonga an'io teo, fa efa ahitsy izay mba hanamora ny fanaovana azy. Ny "titre" mivoaka dia marina tanteraka, fa olana momba ny "découpage administratif" no antony. Ohatran'izay no nahazo anay teny Vontovorona, vao haingana i Vontovorona no naverina taty Antsimondrano, fa taloha izy tany Arivonimamo. Tsy maintsy misy "mésure" raisina mikasika azy iny, fa efa samy naheno avokoa ny tomponandraikitra rehetra amin'izao fotoana izao. Azonay tsara ny olana; raha olona any Arivonimamo no handeha hanenjika birao eny Ambohidratrimo rehefa hanao taratasy. Zavatra manahirana be izany, fa mila fandaminana "sur terrain" amin'ny "découpage" any amin'ny FTM hoe hatraiza marina no faran'ny «titre» amin'ireny «limitrophe» ireny. Maro ny Distrika tratran'izany, araka ny nohazavaina teo, na ny FTM aza tsy manana ny "limite exacte" momba ny "délimitation administrative" eto amintsika. Lasa samy mifandrirarira eo, samy manapatapaka fotsiny any hoe: aleo hatreto no farany. Tsarovy fa ny resaka tany, na iray metatra fotsiny aza dia miteraka olana. Mba hialana amin'ny olana, mamaritra faobe izahay hoe: hatreto alefa atsy amin'izay tsy mikorontana ny olona. Raha azontsika io "image de haute définition" io, afaka miara-miasa amin'io daholo ny Minisitera rehetra, indrindra ny «décentralisation» sy ny «intérieur» mba hananantsika «quelques centimetres prés» amin'ny "délimitation administrative" rehetra eto Madagasikara.

Misy tetikasa roa lehibe ao amin'ny Minisitera amin'izao fotoana izao dia ny PACFC na ny "Projet d'Appui au Corridor et Facilitation du Commerce". Izay no hanamboatra ny lalana RN9 sy ny RN12A. Efa nandalo teto amintsika ary efa nanomboka efa ela be io asa io. Amin'ny maha "corridor" azy dia tokony hampitohy ny ilany Atsimo Andrefana mankany Atsimo Atsinanana ny tetikasa hatao. Maro ireo mpamatsy vola ao anatin'io, fa ny BAD no mpitarika azy. Amintsika miteny izao, efa mitsangana tanteraka ny tetikasa. Ny natao voalohany, namboarina ny RN9. Araka ny voalaza teo, efa vita ny tolo-bidy ary efa fantatra ny orinasa hanao azy. Ny dingana manaraka, hanohy ny RN12 indray. Mandeha ny tolo-bidy amin'izao fotoana izao; misy tetezana, misy lalana hamboarina ao.

Tsy hadino akory i Vangaindrano, lalana mirefy 42km eo anelanelan'i Masianaka sy Vangaindrano no hataon'ny PACFC ary 30km ihany koa eo anelanelan'i Taolagnaro sy Bakika. Mirefy 72km izany no hataon'ny tetikasa PACFC. Efa manomboka ny "étude technique" momba an'io lalana io sy ny «appel d'offre» amin'izao fotoana izao. Ny zava-dehibe ao anatin'ny asa dia ny tetezan'i Masianaka, mirefy 380m eo no halavany. Misy tetezana koa

any Bakika, miala kely an'i Taolagnaro, 85m no halavany. Azo an-tsaina fa mihoatra ny 465m ny tetezana hatao amin'iny RN12 iny.

Tsy vitan'ny tetikasan'ny PACFC izay, fa hamboatra ny tetezan'i Mangoky ihany koa isika izay mirefy 890m. Izany hoe, sambany tamin'ny tantaran'ny firenena no hanao tetezana amin'ny Kilometatra izany isika. Izay no fanambin'Andriamatoa Filoha mandritra ity "mandate" ity. Ireo tetezana amin'ny RN9 sy RN12 ireo no tetezana lehibe, saingy misy ihany tetezana kelikely eo amin'ny 5m na 10m eo eny anelanelany eny satria tafiditra amin'ny fanamboarana lalana koa izay. Hitantsika fa manakaiky ny 1,5km ny refin'ny tetezana hatao amin'iny lalana iny. Izay no programan'ny PACFC.

Misy programa iray koa any amin'ny RN44 ka ny PACT na ny "Programme d'Appui à la Connéctivité des Transports» izay vatsin'ny «Banque Mondiale» vola. Efa io manomboka io ny RN44 ary efa manomboka manao "acquisition" amin'ny RN12 ihany koa isika. Hataon'ny PACT raha tokony ho izy ny RN12 fa any amin'ny faran'ny volana Aogositra any no hatao ny "appel d'offre" satria mbola nisy "étude" namboarina momba azy. Ny tetezan'i Manambondro no hataony amin'io ary misy lalana mirefy 35km avy ao Masianaka-Manambondro koa. Raha jerentsika ho vita "goudron" tanteraka ny lalana RN12A ankoatra ny lalana efa vita amintsika miteny izao. Ny tetezana no misy 10 ambiny. Ireo tetezana 10 ireo, "60 Millions de Dollars" no manao azy. Efa ao anatin'ny fifampiraharahana isika amin'izao fotoana izao, miaraka amin'ny "Banque Mondiale" no hanaovana izany ary efa nanaiky izy amin'ny hamitana ireo tetezana 10 ambiny izay fohifohy ireo. Tetezana 3 no tena lava, fa ny ambiny fohifohy daholo, misy 10m, misy 20m ary misy 15m.
Ireo tetikasa roa ireo miaraka no mamatsy vola ny RN12A. Ny iray manomboka avy ao Taolagnaro, ny faharoa manomboka avy any Vangaindrano. Raha ny tokony ho izy, ny PACT na ny PACFC, any amin'ny voalohan'ny volana Febroary na Martsa 2021 no hanomboka avokoa ny asa sady tapitra daholo ny tolo-bidy.

Mikasika ny tetezana ao Bevoay, amin'ny volana Septambra no haverina ny "étude" ary 8 volana eo no faharetany. Ny antony hamerenana azy dia ny fanjakana mihitsy no nangataka an'izay satria tsy afaka hanao tetezana na 1km aza isika. Tahaka izay koa ny "barrage", nojerena ny hampifanaraka ny tetezana mba ho "pont barrage" amin'izay mihena ny vidiny satria vola nindramina. Tsy misy maharatsy ny nihemorany ary hanao "étude" vaovao aloha.

Momba an'i Bevoay, sady hisy tetezana mirefy 1km hatao ao ary hisy "barrage" koa ao ambaniny, tahaka ny eo Tanjombato mba ahafahana mamily ny rano manondraka ny any Mangoky iray manontolo. Natao izany mba hahavitana manao "économie" farafahakeliny eo amin'ny 30 na 40 Dolara satria zavatra tokony ho vita amin'ny toerana iray ihany. Raha ny programa azo dia any amin'ny volana Jona 2021 no hanomboka ny tetezan'i Bevoay izay anisan'ny tetezana lava indrindra eto Madagasikara. Izay no mikasika ireo tetikasa lehibe roa izay tokony hanala ny ahiahintsika momba ny RN12A. Araka ny volaza teo, lafo ny fanaovana-dalana, ka io lalana 22km alohan'ny hidirana an'i Farafangana io, tsy afaka hifampihatsaravelatsihy na mifamitaka isika hoe: andao fa hamboarina io ary tsy maintsy mahita vola izahay ao amin'ny Minisitera androany hanaovana an'izany; farafahakeliny eo amin'ny "10 Millions de Dollars" eo no vola ilaina amin'io. Mbola eo ampitadiavana isika, fa sarotra ny hiteny hoe mahita ary mino izahay fa tokony hahita satria maro ny mpamatsy vola ka handresy lahatra azy amin'ny tokony hamitana ny ampahany. Tokony ho vita daholo afa-tsy ny ampahany kely amin'io lalana 22km io, fa mbola miady hevitra aloha hatramin'izao.

Momba ny tetezan'i Taralava, efa any anatin'ny antontan-taratasy izany, fa miandry ny fanapahan-kevitra isika.

Ny any Mahanoro sy Marolambo, efa tafiditra tamin'ny zavatra noresahako teo. Mbola mitady famatsiam-bola iombonana isika satria tsy vita amin'izao izy ireo. Sarotra ny hiteny hoe: andao hosokafana fotsiny amin'izao, mba hitazonana ny lalana ahafahana mandeha. Hataonay ny "entretien courant" amin'izay vola misy eo am-pelan-tànanay satria izay no azo tanterahana.

Mikasika an'i Mananara, efa vita daholo ny adihevitra tamin'ny mpamatsy vola rehetra; Arabo no hamatsy vola azy, miala ao Soanierana-Ivongo mankany Vahibe. Amin'ny faran'ny volana Jona 2020 ity no hohitanareo any amin'ny gazety ny tolo-bidy momba izany. Ny olana, araka ny efa voalaza, «appel d'offre international» no natao ka mety hisy fihemorany kely satria tsy maintsy omena fahalalahana ny olona avy any ivelany amin'ny maha «international» azy. Tsy voatery hoe rehefa tolo-bidy irasam-pirenena dia tsy maintsy tonga eto ireo olona avy any ivelany ireo. Raha ny marina, efa vita daholo fifanarahana mikasika an'i Soanierana-Ivongo sy Vahibe, hatrany Mananara.
Nisy fangatahana tetezana miala ao Mananara nangatahana teo satria tsy ampy ny volan'ny CLD, efa vita ny «étude» ary manomana «appel d'offre» amin'izao fotoana izao. Marihana fa efa tamin'ny taona lasa iny no tao anaty tetibola saingy noho iny «coût budgétaire» iny dia nangatahana ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mba hamerina azy amin'ity taona ity satria tetibola efa vita «appel d'offre» kanefa tsy afaka nanaovana «engagement».

Fisaorana an'Andriamatoa Filoha sy ny Birao Maharitra ary ny Solombavambahoaka rehetra tamin'ny faharetana nihaino ny valim-panontaniana no namaran'Andriamatoa Minisitra ny teniny.

Nisaotra ny Minisitra telo mirahalahy nanatanteraka ny fandaharan'asany sy tatitra nanoloana ny Solombavambahoaka no nasetrin'Andriamatoa Filoha izany.

Mbola nisy Solombavambahoaka nanao satroka, ka nomena fitenenana izy ireo dia Andriamatoa isany:

1. RANDRIANARIVELO Justin Abel
2. MAMIHAJA Charlot
3. TSARADIA Marco
4. RAFIDIMANANA Narson
5. REMI dit DJAO Jean
6. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
7. VELONTSARA Paul Bert

Nisy tamin'izy ireo nanamarika fa toa tsy afaka mitondra vady aman-janaka amin'ny fiarany ny Solombavambahoaka rehefa hamonjy fivoriana eto Antananarivo amin'izao fihibohana izao.
Tao no nitaraina fa tsy tafiditra tao amin'ny boky misy ny programan'asan'ny Minisitera tsirairay ny Distrika misy azy ireo, rahoviana no tokony hampidirana izany; amin'ny fanitsiana ny tetibola taona 2020 ve sa amin'ny taona ho avy?

Nisy ny nitondra fanamarihana, fa efa misy fotodrafitrasa natsangana any amin'ny Distrika sasany kanefa tsy notohizana. Inona no antony sa noho izao hamehana ara-pahasalamana izao ve?

Hevitra nitovizan'ny Solombavambahoaka rehetra nanao satroka ny tokony hampiakarana ny tetibolan'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy mba hahafahany manatontosa ny andraikiny satria tsapa fa kely loatra raha io tetibola misy io no hoentina hiainga amin'ireo asa marobe hosahaniny.

Taorian'ny satroka nataon'ny Solombavambahoaka, mbola nandray fitenenana ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa vaventy ary ny Minisitry ny Fitaterana, ny Fizahantany sy ny Famantarana ny Toetr'andro, ka nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana.

**Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa vaventy**

Hanamafisana ny zavatra nolazaina teo aloha hoe: tokony hisy fanamboaran-dalana na fanavaozana tanteraka saingy tsy ampy ny tetibola. Marina izany ary samy nanamarika izany ny Solombavambahoaka nandray fitenenana farany teo.

Misy ny "point-à-temps" izay hatao amin'ny lalam-pirenena rehetra, hanaovana ezaka izany ary anisan'ny laharam-pahamehana ny RNT20. Mety tsy ho ampy ny vola saingy nasiana orinasa manao "point-à-temps" hanara-maso ny asa manomboka amin'ity herinandro ity. Amin'izay fotoana izay, no hanala ny "points noirs" rehetra, fa tsy hanala bozaka amin'ny sisin-dalana fotsiny no hatao.

Raha misy Solombavambahoaka te-hahazo fanampim-panazavana misimisy kokoa, afaka manome lisitry ny "Direction Régionale" izahay hahafantarana hoe aiza avy ny lalana atao ary iza no orinasa manatanteraka ny asa. Hatao mangarahara avokoa ny fanatanterahana izany. Ezahana hokitihana daholo ny lalam-pirenena amin'ny vola izay eo am-pelan-tànana araka ny fitsinjarana ataon'ny Minisitera. Araka ny fanazavana teo aloha, ny "étude technique et économique" no anjaran'ny Minisitera, fa ny fanatanterahana ny asa dia an'ireo mpanamboatra lalana. Misy fitenenana manao hoe: valala tsy an-tànana tsy atolo-jaza; izany hoe, miankina amin'ny tetibolam-panjakana ihany ny fanatontosana ny asa; na izany aza, hanaovana ezaka ny lalana any Ampanihy sy Andramasina.

Mikasika ny RNT15, efa niakatra any amin'ny mpanapa-kevitra ny amin'izay ary efa vita ny "validation". Nanao fangatahana tamin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola izahay tamin'ny taona lasa mba tsy hovonoina ny "marché" satria raha tsy izany, very vola ny orinasa nanao ny asa teo aloha.

Momba ny ao Vohilava, aleo lazaina hoe: miandry ny fiakaran'ny tetibola ary avy eo halamina aorian'ny fandanian'ny Antenimierampirenena izany. Noho izany, tsy maintsy manao "programation" vaovao indray izahay araka ny notapahantsika rehetra eto.

Momba ny tetezana ao Anjilajila, efa misy manao ny asa, fa tsy maintsy midina ifotony izahay manamarina ny simba ka mila fanamboarana. Raha misy vola tsy mbola voaloa dia handray fanapahan-kevitra ny Minisitera.

**Andriamatoa RANDRIAMANDRANTO Joël, Minisitry ny Fitaterana, ny Fizahantany sy ny Famantarana ny Toetr'andro**

Momba ny hoe: afaka mitondra vady aman-janaka amin'ny fiara ve ny Solombavambahoaka. Ahitsy kely izay satria raha ny fanapahan-kevitra tahaka izay dia tsy nivoaka tao amin'ny Minisiteran'ny Fitaterana, fa avy any amin'ny CCO. Tokony hanontany ny Filohan'ny CCO isika hoe: inona no marina. Angamba ny tenako mihitsy no hanontany any ary hampitaiko aminareo ny valin-teny azo avy any.

Fisaorana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta sy fankasitrakana ny Solombavambahoaka tonga nivory sy nandray anjara mavitrika tamin'ny fametrahana fanontaniana ary nanao fanamarihana no nataon'Andriamatoa Filoha.

Rehefa izany, nilaza Andriamatoa Filoha, fa nahazo tombony ny Solombavambahoaka satria raha tokony handinika ny tetibola nasiam-panitsiana, taona 2020 androany tolak'andro dia nanana fotoana nivalaparana nifampiresahana tamin'ireo Minisitra telo mirahalahy.

Taorian'izay, nanamarika Andriamatoa Filoha, araka ny fampitam-baovao azo, tsy mbola tonga eo am-pelan-tànan'ny Birao Maharitra ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibola nasim-panitsiana, taona 2020.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha: rahampitso Alakamisy 4 Jona 2020 amin'ny 10 ora, maraina, hisy fivoriambe hihainoana ny tatitra hataon'ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, ny Minisitry ny Mponina ary ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena mikasika ny asa vitany sy ny fandaharan'asan'izy ireo. Ny tolak'andro, tatitra hataon'ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, ny Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika.

Nanentana ny Solombavambahoaka rehetra ny tenany mba ho tonga sy havitrika hamonjy izany fivoriambe izany.

Niato tamin'ny 7 ora sy 5 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

ASSEMBLEE NATIONALE

**NY FILOHA**

**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**